

NY KRISTIANISMA FAHINY SY ANKEHITRINY

(Le Christianisme : hier et aujourd'hui)

Fampidirana

Ny kinendrin'ity bokikely ity, dia ny hanome risika vaovao ho an'ireo izay hamaky azy. Tanjonay ny hahatonga ny tsirairay hifantoka, mba hazava aminy ny mikasika ity lohahevitra ity. Ny fahanginan'ny maro no efa nanaovany hadisoana lehibe ; ankilany anefa, ny olona dia ratsy fijery amin'ireo izay mihataka ny firehan'ny daholobe, na amin'ny teniny na amin'ny asorany. Saingy, na manao ahoana, ny fankasitran'ny olon-drehetra tsy ho indray azo avokoa.

Ny taranaka misy ankehitriny dia tsy tompon'andraikitra amin'ireo fitarihan-diso, izay tsy nitsahatra niverimberina tamin'ny lasa. Noho izany tsy tokony hisy hahatsapa tena ho voakendry manokana, raha aharihary ny fivoaran'ireo hadisoana tao amin'ny tantaran'ny fiangonana. Tsy ho finaritry ny hanakiana akory izany, fa kosa noho ny fitiavana ny Marina. Eo am-pamakiana ity bokikely ity ny tsirairay, dia tokony hahatsapa ny fikasana tsara izay nanosika ny fanoratana azy, ka hahita koa ny tolo-tànana atsoatra aminy.

Mino izahay fa ny tontolon'ny fivavahana amin'ny ankapobeny, dia samy resy lahatra avokoa fa mampianatra sy manao araka ny tena tokony atao. Samy miezaka manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra avokoa ny rehetra. Saingy, tsy mba nisy nanokatra ny mason'izy ireo tamin'ny fisian'ny fampiviliana tanteraka ny toriteny tany ampiandohana sy ny fampiharana izany. Ankehitriny eny anivon'izy ireo, tsy ahitana afa-tsy fombafomba amam-panao mahazatra nolovaina izay tsy manana fototra ara-Baiboly akory na iray aza.

Very ny zotra ara-panahy, ary voatarika amin'ny hadisoana ny olona marobe. Raha ny zotom-po sy ny fikelezan'aina, dia hita manerana ireo fivavahana rehetra izany, kanefa na toy ny inona ny ezaka vitan'ny olombelona, tsy ampy ahitana fitia eo imason'Andriamanitra izany.

Ao anatin'ity tari-dresaka fohy ity, misy ireo foto-kevitra sasany izay

ho safoina, na mety ho tanisaina fotsiny aza. Ao amin'ny asatoratra manaraka any isika vao hijery amin'ny antsipirihany kokoa ireo fampianarana sy ireo lohahevitra izay napetraka ho fototra. Ho azavaina amin'ny alàlan'ireo faminanian'ny Baiboly koa ny fivoaran-javatra misy ankehitriny.

Krefeld, lohataona 1985

Ny mpanoratra : *Ewald Frank*

FIVAVAHANA INONA NO MARINA ?

Lohahevitra lehibe indrindra amin'ny rehetra misy no tianay horesahina eto. Tokony hahaliana ny olona rehetra izany raha ny marina. Mety hiova ho famoizam-po ny tsifirarahiana. Mahalala ny rehetra fa maro karazana ny fivavahana. Fa ny fanontaniana tokony hapetraka dia ity : misy ve ny fivavahana iray marina ? Samy mihambo ho manana ny marina izy rehetra. Koa tsy mahagaga raha mihamitombo ny fisalasalana mikasika ny zavatra manodidina ny fivavahana. Misy olona manome lamosina amin'ny fivavahana rehetra, ary tsy te-hanan-draharaha intsony amin'Andriamanitra. Amin'ny ankapobeny dia ampiraisin'ny olona ny fivavahana sy Andriamanitra. Na izany aza, dia misy ireo olona izay mandinika mangingina ireny zavatra ireny, ary manontany tena amin'ny fisian'ny Andriamanitra Velona iray izay miahy ny olombelona. Saingy ahoana no ahitana ny lalan-kizorana amin'ireo sampam-pivavahana rehetra ireo ? Iza no afaka hanome valin'izany fanontaniana izany ? Sa kosa, fitaka avokoa ireny ? Ireo « *Hindous* » ve no manana ny marina ? Ireo Silamo ve no manana ny marina ? Sa kosa ireo « *Bouddhistes* » ? Efa nisy nitsangana tamin'ny maty ve ireo mpanangana fivavahana ? —**Hatramin'izao aloha, tsy mbola nandresana fitsanganan' olombelona tamin'ny maty afa-tsy ny an'llay iray ihany.** Ny hafa rehetra dia efa nilevina niaraka amin'ny fampianarany avy.

Ny Fahamarinana dia tsy mety tonga afa-tsy avy amin'llay Marina. Mba nisy fotoana ve nananganany fivavahana ? —Raha eny, oviana no nisian'izany ? —Inona no anarany ? Raha toa kosa ka tsisy, dia tsy misy fivavahana manana zo hilaza fa avy Aminy. Raha mbola olombelona ihany dia tsy misy tsy ho-diso-làlana, ary tena diso làlana. Izany no tsy ahafahantsika manankin-tena amin'ireny mpanangana fivavahana ireny, na koa amin'ireo mpitoriteny malaza, ary mainka koa fa amin'ny tenantsika. Ankoatr'ireo fivavahana malaza maneran-tany, raha tsy hijery afa-tsy ny tontolon'ny kristianisma fotsiny, dia efa miisa an-jatony maro ireo vondrom-piangonana samihafa. Samy manana ny fampianarany manokana avy, ary samy mampihatra ny fombany manokana avy hamonjeny ny mpikambana ao aminy. Marina fa tsy misy, amin'ireny fikambanam-pivavahana ireny, minia hitarika ny olona amin' ny hadisoana. **Kanefa, ny fisian'ireo zotra marobe ao amin'ny tontolon'ny ara-panahy, dia manery antsika handinika.**

N'iza n'iza te-ho tonga amin'ny tanjona iray dia tsy maintsy mianga. Saingy ahoana no ahitantsika ny làlana azo antoka hahatongavantsika amin'ny tanjona ? Ahoana no hahitantsika ny Fahamarinana azontsika iankinana tanteraka ? Tsy maintsy misy fomba iray ahitana ny làlan-Danitra anatin'izao savoritak'olombelona izao. Iza, amin'izao andro mazava izao, no afaka hanankina an-jambany ny finoany ? Tsy ampy ny manambara hoe avy amin' Andriamanitra ny zavatra iray; fa tsy maintsy ahazoana fanamarinana avy any Ambony izany ! Tokony samy hampiasa ny zony hanana fitarihana ara-panahy avy ny olona rehetra. Izany manko dia zavatra ambony lavitra noho izao fiainana fohy eto an-tany izao.

Voatendry hanana fiombonana amin'ny Ray any an-Danitra isika. Tsy ny fiainana mandalo ihany akory no misy, fa ny fiainana mandrakizay koa. Ny fahitana miharihary ny vatana ara-nofo no ahazoana mitoky amin'ny fisian'ny vatana ara-panahy koa. Raha tsy ilàna porofo fa misy ny fiainana eto an-tany, dia mazava toy izany koa ny fisian'ny fiainana any an-Danitra. **Ilay Andriamanitra iray ihany no namorona ny lanitra sy ny tany ary izay rehetra ao aminy.** Ny fiandrianan'ny voaàry, dia vavolombelona mahery ho an'Ilay Mpahary.

Maro no mihevitra fa ny maha-mpikambana amin'ny fiangonana iray na fikambanam-pivavahana iray no hitondra azy amin'ny famonjena. Izany fomba fijery izany no tohanana, saika any amin'ny antokom-pivavahana rehetra. Fampanantenana poa-katy avokoa ve no ataon'izy rehetra ireo?

Izay mamangy tanim-pasana (*cimetière*) dia mahita soratra tsara faneno eny amin'ny vatom-pasana, toy ny hoe : “Ato no mandry am-piadanana Ranona...”, sy ny hoe ; “Nody am-pahasambarana...”, sy ny “Miafina ao amin'Andriamanitra...” Ireo filazana manjo an-gazety dia mikarantsana tsara koa, hoe : “...mandry am-piadanana”, na “...nantsoin'ny Ray hody an-Trano....”, na “nodimandry rehefa nahazo ny sakramentan'ny fiangonana katolika romana”. Toa mampiseho izany rehetra izany fa tonga anatrehan'ny Tompo avokoa ny maty rehetra. Kanefa, inona ny tena marina? **Raha izany, ireo nodimandry rehetra ve dia nanana fifandraisana manokana tamin'ny Tompo avokoa?**

Eny amin'ny tanim-pasana, ireo nilaozan'ny maty dia mahazo izao teny fampiononana izao : “Sitraky ny Tompo ny handray any amin'ny Fanjakany ny rahalahy, na ny anabavy...” Avy eo anefa, any am-

piangonana dia atao manakoako ny fampahafantarana amin'ireo mpisaona, fa ireo lasa dia tsy any amin'ny Paradisa, fa ao amin'ny afo fandiovana. Ankoatry ny maha famoronan-tsaina fotsiny izany, izay tsy hita ao amin'ny Soratra Masina na indray mandeha monja, dia tokony hampametra-panontaniana ny fahamarinan'izany. Aiza marina tokoa no misy ilay nodimandry? **Hatramin'ny fahaterahany ka hatramin'ny fahafatesany, moa ve azo giazina ao anaty fahadisoana ny olona, ary tsy omena afa-tsy fanantenana foana?** Mandritry ny fiainany manontolo, lazaina aminy fa voavonjy izy, saingy rehefa maty izy dia hahita fa tsy tratrany akory ny tanjona. Ny fivavahana tokoa ve tsy hafa fa rongony natao hampilamin-tsaina ny olona mandra-pahatonga ny fotoana mahatsiravina izay ahafantarany ny marina?

Mandava-taona, dia mahazo ny sakramenta izay tokony hahavonjy azy izy ireo, kanefa ny marina, tsy naharay famonjena akory. Manomboka amin'ny batisan-jaza ka hatramin'ny fanosorana farany, mandalo ny konfirmasiona, dia nomanina ho amin'ny famonjena izy ireo. Aorian'izany ezaka rehetra izany, indro ny vokatra mampalahelo : tsy voaray any ambony akory ilay olona nodimandry, fa lasa any ambany.

Tsy misy, mihoatra ireo dokotera sy mpitsabo mpanampy izay manatrika mandrakariva olona eo ampialan'aina no mahay miresaka ny amin'izany. Na inona na inona antokom-pivavahana nisy ilay olona, dia hita miady amin'ny fahafatesana izy. Amin'ny ankapobeny, tsy fantatra izay famoizam-po tonga amin'ilay miala aina. Tsy ahitana soritra kely akory, na finoana, na fahatokiana, na fifaliana. Ireo olona, izay mihevitra ho nanao arak'izay takatry ny fahalalany sy ny fieritreretany, araka izay takin'Andriamanitra, dia **ampahitana miharihary fa tsy izay notakin'Andriamanitra akory izany, fa izay notakin'ny fiangonana**, ka hanereny ireo mpikambana ao aminy.

Koa, satria ny hahavelomana na ny hahafatesana no resahina eto, dia tokony samy hamantatra ny tenany ny tsirairay. **Manana zo ahafantatra ny marina mikasika an' Andriamanitra sy mikasika ny tenany manokana ny olona rehetra, n'inon'inona karazany sy fireneny.** Na iza na iza miahy ny ho mandrakizainy, dia manana adidy hampitaha ny fampianarana sy fampiharana ao amin'ny fiangonany amin'izay ambaran'ny Soratra Masina. Tsy misy afa-tsy izay avy amin'Andriamanitra ihany no mitondra amin'ny Tompo, ary mety

mitoetra eo Anatrehany. Ny olona izay miteny hoe: “Tsy ahoako izany! Fa raha lasa aho, tomania izay hitomany!”, dia tsy mahalala akory izay teneniny. **Ny Baiboly no hany boky tokana eto an-tany izay tena mitondra antsika amin’ny Fanatrehan’Andriamanitra sy ny fahafantarana ireo Fikasany.** Hatramin’ny fiandohany ka hatramin’ny fiafarany, dia hita voamarina ao ireo zavamin’Andriamanitra.

Samy tsy tokony amaivanintsika, na ny fiainantsika, na ny fahafatesantsika. Ny resakay akory tsy hampatahotra ny velona eo anoloan’ny fahafatesana, fa mifanohitra amin’izany aza, dia ny hanondro etoana ny làlana ahatongavana amin’ny tanjona. Na manao ahoana, na manao ahoana, ny finoana sy ny fahatokisana an’Andriamanitra sy ny Teniny dia tsy maintsy haverina amin’ny laoniny. Marina Andriamanitra, ary tsy azo isalasalana na kely aza ny Teniny. Ao amin’ny fivavahana rehetra, dia atao izay atahoran’ny olona an’Andriamanitra, kanefa ankilany dia fombam-pivavahan’olombelona no anjonoana azy ireo. **Ny adidinay dia ny manozongozona ny fitokisana apetraky ny olona amin’ireny fivavahana rehetra ireny, sy ny mitarika azy hino ny fahamarinan’Andriamanitra sy ny Teniny.**

Nandrafitra Fikasana iray tao an-tSainy ny Tsitoha. Manana Drafitra ho an’ny olombelona Izy. Indrisy anefa, namorona drafitra ho azy manokana ny olombelona, nanangana fanjakam-pivavahany tao anatin’ny Fanjakan’Andriamanitra. Dia lasa mifanohitra mivantana ny an’ Andriamanitra sy ny an’ny olombelona. Koa, **izay te-hampidirina ao amin’ny tolotsaina mandrakizay an’Andriamanitra, dia tsy maintsy mivoaka miala amin’ireo fivavahana rehetra noforonina nandritra ireo taonjato maro nifandimby.**

Ilay Andriamanitra Tsitoha dia “mahafantatra ny zavatra rehetra” koa, ary efa nanao Drafitra ho an’ny olombelona Izy talohan’ny namoronana izao-tontolo-izao. Tsy mahafoana ny Fikasany mandrakizay ilay fiatoana niserana noho ny fahalavoan’ny olombelona vokatry ny fahotana sy ny tsifankatoavana. Satria efa fantatry ny Tompo mialoha ny zavatra rehetra, dia afaka nampiditra izany tao amin’ireo Tetipikasany Izy. **Toy ny maha-marina sy tsy-mety-diso an’Andriamanitra ihany no maha-marina sy tsy-mety-diso ny Tenin’Andriamanitra.**

Ny làlan’Andriamanitra iarahany amin’ny olombelona dia voasoritra mazava tsara ao amin’ny Teniny. Mampalahelo anefa fa nohamaizinina sady nohasarotina izany tamin’ny alàlan’ireo fombam-pivavahana

nifandovana, ka lasa tsy hay ampiharina. Na efa naharitra ela aza, an-jatony na an'arivo taona, ireny dogma ireny dia mijanona amin'ny maha-dogma azy ihany : izany hoe, foto-kevitra nampidirin'olombelona, dia izay ihany. Tsy noho izy ireo nambaran'ny lamim-pivavahana iray izay eken'ny daholobe no hahatonga ireo dogma ireo ho marina avy hatrany. **Izay an'olombelona tsy hanjary an'Andriamanitra na oviana na oviana, ary izay an'Andriamanitra tsy mba hivadika ho an'olombelona mihitsy. Ny Marina sy ny lainga dia mifanilika.** Na isika ao amin'ny Marina, na isika ao amin'ny fahadisoana. **Andriamanitra no Loharanon'ny Marina rehetra ; Satana no tompon'ny lainga rehetra.** Ny lainga tsara lahatra iray dia fanehoana diso ny Fahamarinana, ary feno an'izany ny tontolon' ny fivavahana. Tsy mba avy amin'Andriamanitra mihitsy ny fampianarana sy ny fampiharana rehetra izay tsy mifanaraka amin'ny Soratra Masina. **Ny Tenin'Andriamanitra no ahitana ny vavolombelona feno izay nomen'ny Tompo ho an'ny zanakolombelona.**

Ireo mpaminanin'ny Testamenta Taloha no nampahafantatra ny Favian'ny Mesia sy ny famonjen'Andriamanitra miaraka Aminy ; ireo apostoly kosa no vavolombelona nahita maso ny fahatanterahan'ireo faminiana teo amin'ny fiainan'ny Mpanavotra ; ny fitoriana ny Filazantsara kosa no anolorana ny fanomezana ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ny olona rehetra. Raha hamarinin'Andriamanitra ny zavatra iray dia mety inoan'ny rehetra. **Misy fahasamihafana lehibe eo amin'ny fiangonana tany ampiandohana sy ny kristianisma ankehitriny.** Izay rehetra hita tao amin'ny Fiangonana voalohany, dia tsy misy hita ato amin'ny fiangonana ankehitriny, ary izay misy ato amin'ny fiangonana najoro, dia tsy nisy hita tao amin'ny Fiangonana voalohany. Fampitahana iray dia hampiseho izany mazava tsara.

Tao amin'ny fiangonana voalohany, ny toriteny dia nifanaraka tanteraka tamin'ny Soratra Masina. Ny Tompo mihitsy no nampianatra ireo apostoly, ary teo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina izy ireo. Ny famakiana ireo toko voalohany an'ny Asan'ny Apostoly dia afaka itazanana ny fiainan'ny Fiangonana voalohany. Fahafenoan'ny Fanahy sy fitahiana marobe avy tamin'Andriamanitra no niseho tao aminy. Ireo kristiana voalohany dia iray-fo, iray-saina, nifampizara ny zavatra nananany, ary niendrika fianakaviamben' Andriamanitra iray. **Ny Fiangonana voalohany dia tsy fandaminana**

henjana fa tena vatana iray niana. Hoy ny Tompontsika hoe: “...*haoriko ny fiangonako ; ary ny vavahadin’ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy*”. Mbola mikarakara azy Izy ankehitriny. **Toy ny nisehoan’ Andriamanitra tao amin’i Kristy ihany, no nisehoan’i Kristy tamin’ny alàlan’ny Fiangonany.** Voatazona tsy niova ny fitorianteny sy ny fomba fanompoana. Famantarana sy fahagagana lehibe maro no nitranga. Ireo tsy nino, tonga nino, ireo manana demonia afaka, ary ireo marary sitrana. Mbola nety avokoa ny zavatra rehetra tamin’izany; mbola niasa toy ny fepetra mandrakizay tamin’ireo niova fo ny Tenin’Andriamanitra. Izy ireo dia nametraka ny fitokiany tamin’ny Tompo izay hitany tao amin’ny Fanompoany, sy tao amin’ny Fahoriany, ny Fahafatesany, ary ny Fitsanganany. Tahotra masina no teo aminy raha teo Anatrehany izy ireo, satria hitany ireny trangan-javatra ireny, ary tamin’ny Anarany no nivoriany.

Tao amin’ny fiangonana voalohany, dia nisy ireo apostoly, ireo mpaminany, ireo evanjelista, ireo mpiandry ary ireo mpampianatra (1 Kor.12.28; Efes.4.11). **Andriamanitra no nametraka tao amin’ny Fiangonany ireny asa fanompoana samihafa ireny. Nilaina tamin’ny fampandrosoana ara-panahy izy ireny, sady nifameno.** Tamin’izany fotoana izany, tsy nisy nahafantatra izay atao hoe Pàpa, kardinaly, arseveka, monka na masera. Ireo zavatra rehetra ireo izay heverina ho mandeha-ho-azy ato amin’ny tontolo kristiana ankehitriny, nefa tsy nisy tamin’izany fotoana izany.

Tany amboalohany, araka ny sitrapon’Andriamanitra, ny Fiangonan’ny Tompo dia noheverina ho napetrak’Andriamanitra. Tsy nisy olona nahazo nametraka zavatra nifanohitra tamin’ny Baiboly tao aminy. Marina fa olona nanana ny fahalemeny sy ny fahadisoany no tao aminy, mpanota nandray ny fahasoavany ka tonga zanak’Andriamanitra, kanefa ireo fampianarany sy ireo fampiharany dia tsy maintsy nifanaraka tamin’ny Tenin’Andriamanitra, hatra am-boalohany ka hatra am-parany. **Tsy isalasalana fa izay rehetra hahitan-tsiny amin’ny fizahan-toetry ny Teny dia tsy mba hitoetra, amin’ny andro Fitsarana manoloana an’Andriamanitra.** Noho izany, ny mpino ara-Baiboly dia tsy afaka hanaiky fampidirana fampianarana noforonin’olombelona mihitsy. **Ny fanekem-pinoana sitrak’Andriamanitra dia ao anatin’ny Soratra Masina ihany, fa tsy mba ao anaty katesizy.**

Tsy misy idiran’ny apostoly amin’ny fahombiazan’ny “*Regula*

veritatis”, izay naroso ho dogma apostolika. Fanampin’izany, efa any am-paramparany any any vao misy izao: “...ary amin’ny Fanahy Masina, ny Fiangonana Masina, ny famelankeloka, ny fitsanganan’ny maty. Amena!” Ankehitriny, isak’alahady, olona an-tapitrisany anatin’ireo anaram-piangonana marobe maneran-tany no mitanisa izao teny izao: “Izaho mino ny Fanahy Masina, ny Fiangonana masina katolika, ary ny fiombonan’ny masina...”. Tsy taoriana nivantana ny fotoan’ny apostoly akory no nanampiana an’io, fa novolavolaina tao amin’ny konsilin’i Nikea, ary nofenoina nandritra ireo synoda nanaraka. Nisandohana ho avy tamin’ny fahefan’ny apostoly izany mba hanan-danja.

Toy izany koa no nitranga tamin’ny boky “*Didache*”, izay hita tao amin’ny tobi-monka (*couvent*) iray, efa tamin’ny taona 1883, ka nambara, tsy misy fanaporofoana, fa nosoratana tamin’ny faran’ny taonjato voalohany. Tsy misy ifandraisan’izy io amin’ny fampianaran’ireo apostoly roambinifolo. Hitantsika ohatra, ao amin’ny pejy 29 : “Raha ahazoanao zavatra ny asan’ny tãnanao, tokony hanome zavatra koa ianao ho famelana ny fahotanao.” Izany ve ny Filazantsara? Ireo apostoly dia nahalala tsara ilay namela ny fahotantsika. Ankehitriny dia mbola ho tahaky ny firesahan’izy ireo tamin’ny androny ihany no ho filàzany mikasika ireny teboka rehetra ireny. Izany rehetra izany no nosoratany dia ny ahafahantsika mamantatra ny zavatra rehetra. Iza àry ankehitriny no mandinika izao teny izao: “Fantaro ny zavatra rehetra...”? **Tsy mba mifanohitra Andriamanitra ao amin’ny ataony. Ireo Fanapahan-keviny dia lavorary.** Ny zavatra rehetra toy ny mifanohitra dia ao amin’ny fisainan’ireo teoljiana ihany no ahitana azy, fa tsy mba ao anatin’ny Tenin’Andriamanitra.

Ny olona iray izay tsy zatra mijery amin’ny solomason’ny fivavahana, dia tsy maintsy hivarahontsana raha mahita ireo fiviliana rehetra nisy ireo. Ny lovan’ny finoana tany am-piandohana dia novana, hany ka tsy fantatra intsony. Filazantsara hafa mihitsy no toriana ankehitriny.

Raha izany no mitohy dia mety tonga amin’ny fisainana hoe: “Ilaina mahitsy-fo fotsiny ny olona, dia tsy hisy azo hanamelohana azy”. **Saingy tsy izany akory no hanamarina ny fahadisoana.** Ny mikasika ny finoana, sy ny fampianarana, ary ny fomba fanompoana ao amin’ny Fiangonana, dia tsy any amin’ireny konsily ireny no nahitana izany ; **tsy misy afa-tsy izay navelan’ny Fiangonana voalohany ihany no tsy**

maintsy azo ekena. Raha ireo fanontaniana sy olana mikasika ny fiangonana, dia azo ifanazavana anaty komity voatendry amin'izany, fa raha ny fampianarana sy ny fampiharan'i Kristy sy ireo apostoly kosa, dia efa tafapetraka hatramin'ny ela : Hoy *Luther* tao amin'ny *diète [fivoriambe niraisam-panjakana sy fiangonana]* tany Roma, ny 18 aprily 1521: "Ny antony tsy inoako, na ny Pàpa, na ny konsily, dia noho izy ireo diso hevitra matetika ary naningo-tena tao anatin'ny fifanoheran-keviny. Raha ianareo tsy maharesy lahatra ahy amin'ny alàlan'ny Soratra Masina na tsangan-kevitra mazava tsara, izaho hitoetra resy lahatra amin'ny fanambaran'ireo Soratra Masina notononiko, izay ao anatin'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy afaka miala amin'izay nekeko aho, ary tsy te-hanao izany koa, satria sady tsy azo antoka no tsy mahasoana ny manao zavatra mifanohitra amin'ny fieritreretana tena. Hanampy ahy anie ny Tompo. Amena !"

Ny tolo-tsaina mitoetra mandrakizay izay avy amin'Ilay Andriamanitra Tsitoha ho an'ny olombelona no anton-dresakay, ary amin'ny alalan'ny fampitahana no tianay handraisina anjara amin'ny fampahazavana azy. Izany dia mikasika zavatra roa tena miavaka sady misaraka. Ny iray dia an'Andriamanitra, ny iray kosa an'ny olombelona. N'iza n'iza mahatsapa tena fa avy amin'Andriamanitra, dia hino izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra, ary tsy hitandrina izay tapahin'ireo Konsily sy Synoda. **Ny Tenin'Andriamanitra tsy mba voafehin'ireo fiovaovana entin'ny fotoana, satria Izy mitoetra mandrakizay.**

Tsy maintsy hain'ny olona rehetra mazava tsara fa ao amin'ny Soratra Masina no misy ny fijoroana vavolombelon'Andriamanitra, izay sady feno no tanteraka. Tsy misy adinon' Andriamanitra na kely aza. Saingy fotsiny, arakaraka ny nahavery ny an'Andriamanitra no nandray toerana ny an'olombelona. Tsy ho anisan'ny Testamentan'Andriamanitra, na oviana na oviana, ireny fanapahan-kevitra rehetra noraisina nandritry ny tantaran'ny fiangonana ireny, satria tsy tao amin'ny fampianaran'i Kristy sy ireo apostoly voalohany izay naorina teo ambonin'ny Teny faminaniana.

Tsy azo atao ny manentsi-tadiny, na tsy miraharaha ireo fampitandremana matotry ny Testamenta Taloha sy Vaovao. Voasoratra hoe: "*Aza ampianareo ny teny izay andidiako anareo, ary aza anesoranareo.*" (Deo.4.2). Tato aoriana, ireo mpanora-dalàna, izay tsy namantatra ny fahatanterahan'izay voalazan'i Mosesy sy ny mpaminany

hafa, fa naleony nanaraka ireo fandikany sy ny fomba nolovany, dia nilazan'ny Tompo hoe : *“Ity firenena ity manaja Ahy amin’ny molony, fa ny fony kosa lavitra Ahy. Koa foana ny ivavahan’ireo amiko, raha mampianatra ny didin’olombelona ho fampianarana izy.”* (Marka 7:6-7).

Maro ireo fikambanana mpino no tsy mitandrana ny Tenin’Andriamanitra, ka tafahitsoka anaty fampianaran’olombelona, kanefa ankehitriny be lavitra noho ny taloha ny fampiasana ny fivavahana ahazoana tombontsoa. Izao teny izao no miverimberina mandrakariva manindry ireny hetsika sy ireny اساسatra mifanohitra amin’ny Baiboly ireny : *“Zava-poana izany!”* Raha tsy mifanaraka amin’ny Tenin’Andriamanitra, dia zava-poana eo anatrehan’ Andriamanitra, na ireo fanehoam-bavaka rehetra, na ireny fanompoam-pivavahana rehetra ireny ; zava-poana koa ireo fiderana sy ireo fombafombam-pivavahana rehetra ; zava-poana avokoa ireo fanomanana sy fanatanterahana tafika fitoriana Filazantsara goavana izay ataon’ ireo fiangonana. **Izay rehetra ao amin’ny Fanjakan’Andriamanitra, ka tsy atao araka ny Tenin’Andriamanitra, dia foana tanteraka eo anatrehan’Andriamanitra.** Aiza amin’ireny programa marobe ireny no tsy maintsy hamantarany ny Tenany? Iza amin’ireny no tsy maintsy hiandaniany?

Tsy manaiky ny isiana fangaro na kely aza ny Tompo. **Iriny ho voatahiry tahaka ny endriny voalohany ny Voan’ny Teniny tsy misy kilema, ary hamafazana Azy tsy misy fanovana.** Tezitra amin’ireo mpitarika fivavahana izy, na ireo taloha na ireo ankehitriny, izay fatra-pahazo fanajana amin’ny vahoaka, ka hoy izy amin-dreo hoe : *“Hay tsara aminareo ny nahazoanareo ny didin’Andriamanitra mba hitandremanareo ny fampianarana voatolotra anareo!”* (Marka 7:9). **Tsy maintsy ahilika ny iray ahafahana mametraka ilay Iray amin’ny Toerany.**

Ny Tompo mihitsy no hiteny amintsika izao fampitandremana mandondona izao: *“Ny Tenin’Andriamanitra dia voadio avokoa... Aza manampy ny Teniny, fandrao hanariny hianao ka ho hita fa mpandainga.”* (Ohab.30.5-6). Izay rehetra hanampy zavatra amin’ny fijoroana vavolombelon’ny Soratra Masina, feno sy tanteraka, ao amin’ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao, dia tsy maintsy hijoro ho mpandainga hampamoahina eo anatrehan’ Andriamanitra,

ary hoverezina mandrakizay. Hatra tao amin'ny Saha Edena, Satana, ilay mpandainga voalohany, dia mampiasa eo amin'ny olombelona ny fahaizany mitaona, mba hitarika azy handika vilana ny Tenin'Andriamanitra. Handiso ny Teny hatramin'ny farany izy mba hamitahany ny olombelona. Izay mahatakatra ny hafetseny, ka afamiala amin'ny fitaomany ihany no afaka mipetraka mivantana eo ambany fitaoman'Andriamanitra, izay tsy miainga afa-tsy avy amin'ny Teniny, amin'ny alàlan'ny Fanahy.

Ny Fanahy Masina no Fanahin'ny Fahamarinana ary ny Tenin'Andriamanitra irery no Tenin'ny Fahamarinana. Ao amin'ny tokon'ny Baiboly farany no misy ny fampitandremana jadona hoe: *“Raha misy manampy ireo, Andriamanitra hanampy ireo loza voasoratra ato anatin'ity boky ity ho azy ; ary raha misy manaisotra amin'ny teny amin'ny bokin'ity faminaniana ity, dia hesorin'Andriamanitra ny anjarany amin'ny hazon'aina sy amin'ny tanàna masina, dia izay zavatra voasoratra ato anatin'ity boky ity.”* (Apok. 22:18-19).

Iza àry no afaka hanamaivana izany Teny izany? Ho toy ny nahatanteraka izay voalazan' ny Tompo Andriamanitra tamin'ny voalohany hoe : “fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa hianao”, no hisehoan'ny fahamarinan'io teny io. **Andriamanitra dia misaina izay lazainy, ary milaza izay saininy izy.** Ny Soratra Masina tsy azo tapatapahina. Ireo fanapahan-kevitr'Andriamanitra rehetra dia sady tsy-azo-ovana no lavorary avokoa.

FARA-SITRAPO

Ny apostoly dia miresaka didim-pananana, lova, fepetra farany, izay raha vao namafisina ho lalàna izany, dia tsy azo anatsohanana na anampiana intsony (Gal.3:15). **Tamin'ny fahafatesan'ny Tompontsika no nanomboka nanankery ny Testamenta Vaovao. Ahoana no nahasahian'ny olona sasany nanao ireny fanovana rehetra ireny?** Ao amin'ny Hebreo 9, mbola mikasika izany no resahina ary voalaza ao amin'ny andininy 16 sy 17: *“Fa raha misy didim-pananana, dia teny foana izany, raha tsy efa maty ilay nanao azy. Fa mafy ny didim-pananana, rehefa tonga ny fahafatesana; fa tsy mafy akory izany, raha mbola velona ilay nanao azy.”*

Amin'ny fandovana olona iray, matetika misy ady. Fa tsy ekena mihitsy ny hanovana ireo fara-fanirian'ilay maty; kanefa izany indrindra no mahagaga fa miseho, mikasika ny Didim-pananan'Andriamanitra. Amin'ny lafiny iray, samy milaza fa an'i Kristy, amin'ilany kosa anefa dia nanaovana zavatra hafa mihitsy lzy sy ny Didim-pananany. Izay navelany dia natao tsy nanan-kery satria fisainana maro hafa tanteraka no nasisika, nasolo toerana ny Tenin' Andriamanitra.

Ny fikambanam-piangonana tsirairay dia manana zo hino sy hanao izay tiany. **Fa ho an'ireo mihambo ho Fiangonan'Andriamanitra velona, izany hoe Fiangonan'i Jesosy Kristy kosa, dia ny Tenin'Andriamanitra sy ny Didim-pananan'i Kristy no tsy maintsy raisina manontolo, tahaka ny namelany azy, rehefa lasa lzy.** Aiza ao àry no hahita toerana ireny dogma sy fombafomba, izay natovona nandritry ny tantaran'ny Fiangonana ireny? Tsy ao anatin'ny didim-pananana navelan'ny Tompo velively ireny.

Efa lalim-paka any amin'ny fisainan'ny olona ny hevitra fa ireo fiangonana voalamina dia napetrak'Andriamanitra, ka natao solon'i Kristy hampianatra sy hiasa ety an-tany. Fa inona moa izy ireo raha ny tena marina? Ao amin'ny katesizy kely katolika, ny famintinana ny lohahevitra hoe “Ireo lamina ao amin'ny fiangonana”, dia mivaky toy izao manaraka izao: *“Kristy dia nanolotra ho an'ireo filohan'ny Fiangonana ny fahafahana manao lalàna. Tiany raha mitandrina ny lalàn'ny Fiangonana isika noho ny fitiavantsika Azy.”* Taiza ary oviana Kristy no nanao zavatra toy izany? **Efa nomen'Andriamanitra hatry ny ela ireo Didiny, ary tokony ho fantatry ny rehetra. Ny mampalahelo anefa, dia ireo didin'ny Fiangonana no nataon'ny zanakolombelona**

ho Didin'Andriamanitra, ary izany no naha-diso làlana azy.

Tamin'ny andron'i *Constantin* no nanekena ho Fiangonana ilay fiangonana natao ho an'izao-tontolo-izao. Tamin'ny alalan'ny hafetsifetsena politika, ny taona 313, *Constantin* dia nanomboka nambabo ny kristianisma sy ny fanompoan-tsampy, izy roa niaraka mba nahavitany ny fikasany. Izy no nitaona hamoriana ny Konsilin'i Nikea.

Taorian'ny 325, sady nanohana ny fananganana fiangonana izy, no nanohana ny toeram-panompoan-tsampy koa. Nandritra ny fanapahany ny kristianism'izao-tontolo-izao dia mafy orina, ary teo anivon'ny fanjakambe romana dia lasa hery ara-panahy naneran-tany izany. *Eusèbe* dia nijery an'i *Constantin* ho ilay mpamonjy izay hanafaka azy ireo tamin'ny fahoriana lalina izay nisy tamin'izany. Taorian'ny fiafaran'ny fampijaliana nahatsiravina natao tamin' ireo kristiana, hatramin'i *Néron* ka hatramin'i *Dioclétien*, dia nanomboka nahazo aina kely ireo kristiana.

Tamin'ny taona 380, nandritra ny nanjakan'i *Théodose* Voalohany sy *Gratien*, dia nofoanana ny fahalalahan'ny fivavahana amin'ny ankapobeny. Talohan'io dia mbola nisy ihany ireo fikambanan'ny mpino vitsy izay afaka nijoro teo ankilan'ny kristianisma nankatoavin'ny fanjakana. Fa nanomboka teo, dia noterena ny vahoaka, tamin'ny alalan'ny hery famoretan'ny fanjakana, ho lasa kristiana “romana”. Tonga tamin'ny fahavitany tanteraka izany nandritra ny nanjakan'i *Justinien* (527-565). Nanomboka teo dia raikitra fa ny Fiangonana dia ilay fiangonana nankatoavin'ny fanjakana ary ireo pretra dia lasa mpiasam-panjakana. Ny faharavan'ny fanjakambe romana mpanompo sampy dia nodimbasan'ny fifehezan'i Roma ara-pivavahana. Toy izany no fiandohan'ilay Taona-Anelanelany (*Moyen-Age*) nahatsiravina. Sahabo arivo taona no nandalo vao tonga ny Reformasiona. Ny fitondra-mpanjaka, sady amin'ny fanjakana no amin'ny fiangonana, fa saika ny amin'ny fiangonana no nomen-danja kokoa, dia nahatonga fanenjehana ireo mpino hafa rehetra. Vahoaka maro no noterena ankeriny ho lasa kristiana. An-tapitrisany ireo maty nijaly, natao maritiora; tanatin'izany ny Jiosy iray hetsy izay nalaim-baraka tamin'ny niampangana azy ireo ho “fahavalon'Andriamanitra” sy “mpamono an'i Kristy”. Ny fiangonana dia nanjary isan'ireo hery politika.

Ny taonjato roa voalohany taorian'i Kristy sahady, dia efa fampianarana noforonina isan-karazany no nampidirina. Fa nandritra ny

taonjato fahatelo vao nanomboka ny fampiharana izany faobe sady antery. Tsy maintsy nankatoavina ireo fampiharana sy fampianarana vaovao. Nampidirina ny hazofijaliana (*crucifix*) sy ny fanehoana lakroa (*signe de croix*), ny labozia sy ny emboka manitra. Hatrany hatrany dia zava-baovao no natovona: ny fiankohofana amin'ireo masina, ny soron'ny lamesa isan'andro, ary zavatra hafa marobe.

Nandritra ny konsilin'i Efesosy, taona 431, dia nambara ampahibemaso ny fiankohofana amin'i Maria, amin'ny maha renin'Andriamanitra azy. Ny taona 500, ny klerjy [*vondrin'ireo mpiandraikitra fivavahana*] dia nanomboka nanao fanamiana. Nanaraka izany ny fety fankalazana an'i Maria, ny fanorohana ny tongotry ny Pàpa, ny fiankohofana amin'ireo sary sy ireo maty, ny fiankohofana amin'i Josefa, ny fifadian-kanina isaky ny zomà. Natsofoka tamin'ny 1079 ny tsy fahazoan'ireo pretra manambady, dia tonga ny Rozery, ny *indulgences* [*fivarotana famelan-keloka*], ny fampianarana mikasika ny *transsubstantiation* [*vavaka ataon'ny pretra inoany fa manova ny mofo sy ny divay ho tena vatana sy ràni Kristy*] ny Fetin'Andriamanitra sy ny sisa, mandra-pahatonga ny fanambarana ampahibemaso ny dogma fiakaran'i Maria ara-batana any an-danitra. Tamin'ny andron'ny apostoly koa, tsy mbola nisy nahafantatra akory izany *confessionnal* izany [*toerana fanaovana fibebahana ami'ny pretra*].

Ho lavabe ny lisitra azo atovana arak'izay ilaina. **Tsy maintsy lazaintsika mazava tsara eto fa ireny dogma rehetra ireny, dia tsy misy ifandraisana mihitsy amin'ny kristianisma voalohany sy ny fampianaran'ny apostoly.** Alàlana avy taiza no nampidirana izany? Raha heverina izany, ny fampianarana rehetra tany am-boalohany dia novana, ary zavatra marobe no natovona, ka tsy misy zavatra marina intsony na iray aza.

Ny Tompo, ohatra, dia niteny hoe: “*Ary aza milaza olona ety antany ho rainareo; fa iray ihany ny rainareo, dia izay any an-danitra.*” (Mat.23:9). Iza mba afaka hahatsapa fa io fanambarana io dia notsinontsinoavina tanteraka, satria izao tontolo izao dia miankohoka avokoa eo an-tongotry ny olona iray, mba hanaja sy hanome voninahitra azy amin'ny iantsoana azy hoe “Ray masina”? Izao kosa no avalin'ny Tompo izany: “*Ary ny voninahitro tsy omeko ny hafa!*” (Isa. 48:11). Jesosy nampianatra antsika hivavaka manao hoe: “*Rainay any*

an-danitra, hohamasinina anie ny Anaranao...” Koa tsy fitenenan-dratsy ve ny manao tsinontsinona fotsiny izao ny Tenin’Andriamanitra, ka manome izany fiantsoana izany amin’ny olona iray? Iza moa Ilay Ray Masina izay tsy maintsy hamasinina ny Anarany? Any an-danitra ve Izy sa etỳ an-tany?

Aiza tao amin’ny kristianisma voalohany, no nanambarana tamintsika fisehoan’i Maria, na toerana anaovana fivahinianana masina sy fiankohofana amin’ny masina? Mifanohitra amin’izany aza, **ny Baiboly dia mampitandrina antsika amin-kery, amin’izay rehetra fifandraisana amin’ny maty. Tsy hafa ireny fa firesahana amin’ny maty (spiritisme) sy fankatövana (occultisme).** Ny fiankohofana amin’ireo olo-masina mpiaro, dia mifanohitra tanteraka amin’ny Baiboly. Mafy noho izany aza : tsy inona izany fa fiverenana amin’ny fanompoan-tsampy.

Tsy mahita mihitsy isika ao amin’ny Soratra Masina, filazana manondro fa i Maria dia mpanalalana amin’Andriamanitra sy ny olombelona. Voasoratra hoe: *“Fa iray no Andriamanitra, ary Iray no Mpanalalana amin’Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesosy, Izay olona.”* (1 Tim.2:5). Tsy manan-kery io andraikitra mpanalalana izay omena an’i Maria io. Ao amin’ny Tenin’Andriamanitra, dia voasoratra mazava tsara hoe : *“Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin’ny Ray isika, dia Jesosy Kristy, Ilay Marina; ary Izy no avotra noho ny fahotantsika, ary tsy noho ny antsika ihany, fa noho ny an’izao tontolo izao koa”* (1 Jaona 2:1-2).

Toy izany koa, ny Soratra Masina dia tsy milaza amintsika afa-tsy ny Fiakaran’i Jesosy Kristy. *“Ary raha mbola nitso-drano azy Izy, dia nisaraka taminy ka nakarina ho any an-danitra.”* (Lioka 24:51). **Tsy mba nisy apostoly na iray aza, nahafantatra izay natao hoe fiakaran’i Maria tany an-danitra.** Tamin’ny 1951 vao napetraka io dogma io, avy tamin’ny -angano iray izay nilaza fa Maria, tao amin’ny vatany sy ny fanahiny, dia nakarina any an-danitra. Tsy misy fototra ara-Baiboly na iray aza ny amin’izany. Ny fitsipika foronin’ny olombelona tsy mbola nanavotra olona mihitsy, fa mifanohitra amin’izany, nampihataka olona miisa an-tapitrisany lavitra ny famonjena izany.

FIHEVERAN-TENA TSY ARA-BAIBOLY

Ao amin'ny Soratra Masina tsy ahitana filazana kely akory mikasika ny olona iray nosalorana fahefana, ary voatendry ho mpandimby an'i Petera. Tsy ahitana izany mpisolotoerana an'i Kristy izany na aiza na aiza. Ny Soratra Masina dia miresaka fotsiny ny amin'ireo mpandimby an'i Jesosy Kristy. Tsy voasoratra koa fa notendrena i Petera ho lohan'ny Fiangonana hita maso. **Ahoana no mety hisiana olona iray tsy maintsy atao loha, kanefa Kristy mihitsy no Loha?**

Voasoratra mikasika Azy ny hoe: *“Ary Izy no talohan'ny zavatra rehetra, sady ao Aminy no aharetan'ny zavatra rehetra. Ary Izy no Lohan'ny tena, dia ny Fiangonana.”* (Kol.1:17-18). Izay mihevi-tena ho filoha, dia manandra-tena ho ambonin'i Kristy, ka tsy maintsy tsarain'ny Teny ao amin'ny 2 Tesaloniana 2:3-4. **Ny mpino ara-Baiboly dia tsy afaka hanaiky ho Lohan'ny Fiangonana afa-tsy ny Tompo sady Mpamonjy Jesosy Kristy irery.** Kristy tsy mba nametraka mpisolotoerana, na *“ Vicarius Filii Dei”*; Izy ihany no namonjy ny Fiangonany ary manao izay hahatanteraka azy Izy ankehitriny.

Mahasoa ny hamakiana ny tantaran'ny Fiangonana ahafantarana ny fandrosoany ara-panahy. Ny angano, izay milaza fa Petera dia nanao ny asan'ny eveka tao Roma, ary milevina any dia tsy voaporofa aratantara. Mikasika fotsiny ny olona iray mpanao mazia antsoina hoe *Simon Magus* no misy, izay nanana ny naha-izy azy tokoa teo amin'ny antenimieran-doholona sy ny vahoakan'i Roma, izay nanaovana fanambarana ampahibemaso azy ho andriamanitra sy nananganana sarivongana misy soratra hoe : *“Simoni dea sancto”*.

Inona moa no tokony ifandraisan'ny angano toy izany amin'ilay lehilahin'Andriamanitra Simona Petera, izay sady tsy nandia an'i Roma akory na indray mandeha aza? Mikasika izany koa isika, dia afaka mampitaha amin'ny Soratra Masina ihany. Araka ny Galatiana 2:9, Petera, Jakoba ary Jaona andaniny dia nihaona tamin'i Paoly sy Barnabasy ankilany, ary nifanaraka hifanolo-tànana amin'ny fihavanana izy ireo, ka Paoly sy Barnabasy ho any amin'ny jentilisa, fa Petera, Jakoba ary Jaona, hiasa ao amin'ny Jiosy.

Paoly no voalaza fa mpaminanin'ny jentilisa, satria ho amin'izany no nanendren' Andriamanitra azy. Taminy no nilazan'ny Tompo hoe: *“Mandehana, fa Izaho haniraka anao handeha any amin'ny*

jentilisa” (Asa 22:21). Ho an’ny Fiangonan’i Roma, Paoly dia nanoratra ao amin’ny Asa. 15:28, hoe : “... *dia hihazo any aminareo aho, raha mankany Spania.*” Ireo asa fitoriana mitety faritra nataon’i Paoly, ka tafiditra anatin’izany koa ireo nataony tany Roma, dia azavaina tsara amintsika. **Nahoana no tsy misy resaka mikasika izay dian’i Petera na tokana aza tao amin’io tanàna io?** Paoly dia nandefa avy tany Roma ny ankamaroan’ ireo epistiliny ho an’ny fiangonana sy ho an’ny olona sasantsany. Maro tamin’ireo niaraka taminy tao amin’io tanàna io no voatonona anarana, izay tsy ahitana ny anaran’i Petera akory na indray mandeha aza . Azo heverina ho mitombina ve izany raha niara-niasa taminy tokoa Petera?

Fa tsy dia zava-dehibe loatra akory ny fahafantarana izay toerana nahitana ny lehilahin’Andriamanitra iray. Tsy inona izany fa fanaronana ilay anganom-pivavahana izay noforonina mba ho fototry ny fiangonana lehibe iray, sady ampiasainy ametrahana ny fahefan’ny fampianarany. Izany dia azontsika valiana amin’ny alàlan’ny tenin’i Petera ihany, izay manao hoe: “*Fa tsy nanaraka izay anganongano noforonin’ny fahafetsen’ny saina izahay...*” (2Pet.1:16).

Ny Soratra Masina koa tsy mba miresaka mikasika izay fifandimbiasana apostolika. Rehefa voafidy evekan’i Roma i “*Léon le Grand*” ny taona 440, dia napetrany ny fiheverana fa ny eveka ao Roma no manana ny fahamboniana amin’ny rehetra. Matio 16:16 no nifotorany tamin’izany. Nanao fanambarana miezinezina ampahibemaso izy fa mpandimby an’i Petera. Talohan’izany io hevitra io dia efa naroso niandalana tao amin’ireo “Nikolaita”, fa tsy mbola nampifandraisina tamina asa fanompoana. Izany zotra ara-panahy izany no niteraka fanavahana teo amin’ireo laïka izay mihaino, sy ireo rahalahy miandraikitra ny asa fanompoana. **Izany dia mifanohitra tanteraka amin’ny Tenin’Andriamanitra. Fa ny Fiangonana voavonjy dia miendrika “fanjakam-pisorona”** (1 Pet 2:9).

Fantatr’ireo mpanoratra tantara rehetra fa i *Polycarpe*, ilay lehilahin’Andriamanitra voatahy (155), dia niaraka tamin’i Jaona, ilay mpianatra tian’i Jesosy indrindra, izay natao sesitany tao amin’ny nosy Patmo. Nahazo ny fijoroana vavolombelona madio nivantana avy tamin’ilay apostoly izy. Tsy mba hita tao amin’ny lahateniny na indray mandeha akory ny fisian-javatra mikasika ireo zavatra noforonina tato aoriana, na kely fotsiny aza. *Irénée*, mpitondra hafatr’i Kristy voasalotra

fahefana (202), dia niaina fotoana naharitra niaraka tamin'i *Polycarpe*. Izy koa tsy mba niresaka mihitsy ny amin'izay mpandimby an'i Petera. Hatra tamin'izany fotoana dia niezahana arak'izay azo natao ny nifikitra tamin'ny Tenin' Andriamanitra. *Tertullien* (220), dia nilaza hoe: "Ny Tompo, fa tsy ny mpanompo, no tompon'ny fahefana sy ny fitsarana."

Na tamin'ny konsilin'i Nikea aza, ireo mpitondra teny roalahy *Athanase* sy *Arius*, tsy mba nanambara hevitra toy izany. Vao tamin'ny 445, ny emperora *Valentinien* no nanamafy ny fahamboniana arapivavahana an'ny evekan'i Roma teo amin'ny Fiangonana tandrefana rehetra. Nanomboka teo, ny fahefana ambony indrindra dia avy tao Roma. Ilay mpampianatry ny Fiangonana fanta-daza "*Augustin d'Hippone*" (354-430), no nanome vahana io hevitra io; nanoratra mikasika ny lohahevitra "Ny Fanjakan'Andriamanitra" (*l'Etat de Dieu*) izy. Aminy, ny Fiangonana dia maneho ny fanjakana arivo taona. Nampianatra izy fa "ny Fiangonana no fahefana." Aiza àry no misy ny fahefan'Ilay nilaza hoe : "*Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any andanitra sy ety an-tany!*"?

Io fivoarana tsy ara-Baiboly io, dia tsy azo lazaina ho avy tamin'ireo apostolin'ny kristianisma voalohany mihitsy. Araka izay efa novelabelarina, nisy tamin'izany fotoana izany ireo ministera izay napetraky ny Tompo ho an'ny Fiangonana iray manontolo. Kanefa, ny fiangonana tsirairay samy nanana rahalahy tompon'andraikitra avy. Izy ireo dia notononina tamin'ny anarana hoe "mpiandry", "mpitarika", "loholona". Ohatra, ao amin'ny Filipiana, Paoly dia miarahaba ny Fianganan'ny Tompo, ireo olo-masina sy ireo malala, niaraka tamin'ny loholona sy ireo diakona. Ireto roa farany ireto dia tany anatin'ny fiangonana isan-tanàna. Fepetra iray ara-Baiboly ahafahana manatanteraka io andraikitra io, dia tokony ho manambady (1 Tim. 3:2). Tamin'ny apostoly sy tamin'ny mpaminany, tsy mba notakiana ny hanambady, fa notakiana kosa tamin'ireo diakona sy ireo loholona. **Ny olona manambady ihany, izay tsy maintsy afaka mamaha ireo olampianakaviana isan-karazany, no afaka manome torohevitra sy fahaizamanao ho an'ny hafa.**

Kanefa, ny Fanahin'Andriamanitra tamin'izany fotoana izany, dia efa nanambara sahady, toy ny voalazan'i Paoly, fa tsy haharitra izany. Izao no vakina ao amin'ny 1 Timoty 4 : "*Fa ny Fanahy milaza marina fa amin'ny andro aoriana dia hihemotra amin'ny finoana ny sasany,*

manaiky fanahy mamitaka sy fampianaran'ny demonia, amin'ny fihatsaram-belatsihin' ny mpilaza lainga, ka voapetaky ny vy mahamay ny fieritreretany, izay mandrara tsy hanambady, ary mampifady hanina..." Mampisaina antsika inona izany teny izany? —Tanteraka arabakiteny tokoa izany rehetra izany.

FANDRAISAN-DISO IRAY

Izay mamaky tsara ny Matio 16:18, dia hahafantatra fa, ny Tompo dia tsy nilaza teto manao hoe: *“Ianao no Petera, ary eo amboninao no hatsangako ny fiangonako”*, fa kosa *“Ianao no Petera, ary ambonin’ity Vatolampy ity no haoriko ny Fiangonako”*. Tsy azo atao ny mandray andalan-tsoratra tokana fotsiny ka hinia hanao ny fandikana izany. **Mba ahazoana valiny mazava tsara dia ilaina ny mamaky ny manodidina rehetra.**

Na ao amin’ny Testamenta Taloha, na ao amin’ny Vaovao, ny Tompo dia matetika voatonona ho Ilay Vatolampy. Fa tsy mbola nisy fanononana an’io teny io ho an’olona mihitsy. Petera dia vao nandray ny fanambarana avy tamin’Andriamanitra ny mikasika an’i Kristy, kanefa minitra vitsy taorian’izay izy dia tsy maintsy nahatsapa ny tsifahampiany, ny fahalemeny. Andininy vitsivitsy aorian’io andininy io, ny Tompo dia tsy maintsy nilaza tamin’io Petera io ihany hoe : *“Mankanesa ato ivohoko, ry Satana; fahatafintohinana amiko hianao, satria tsy misaina izay an’Andriamanitra hianao, fa izay an’ny olona”* (Mat. 16.23)

Izany dia tokony hampieritreritra izay rehetra mihambo ho manana zo hanao fandikany manokana ny Tenin’Andriamanitra. **Izay rehetra tsy mifanaraka amin’ny Teny voasoratra, dia avy amina tsindrimandry diso avokoa.** Ireo teny nambaran’ny Tompo tamin’i Petera, izay tsy teo ambanin’ny tsindrimandin’Andriamanitra tamin’io fotoana io fa naneho fisainan’ olombelona, dia **ambarany izany ankehitriny amin’ireo izay eo ambanin’ny tsindrimandry diso.**

Ny sehatra ara-panahy akory tsy famelabelarana fisainana tsara, izay mitondra fahazavana, fa kosa famelabelarana ny Fisainana mandrakizay an’Andriamanitra izay nasehony mazava ao amin’ny Teniny. **Roa ihany no loharanon’ny tsindrimandry. Ny olona dia manovo, na amin’ny iray, na amin’ilay iray hafa.** Tao amin’ny saha Edena, Satana dia nanomboka nanome ny fomba fandikany manokana ny Teny tamin’ireo olombelona voalohany. Eva aloha no nihaino, ary Adama koa avy teo, nihaino izany. Toy izany no niandohan’ireo fahoriana rehetra tetỳ an-tany. Tokony hazava tsara amin’ny tsirairay fa Satana tsy hiseho mihitsy ka hitondra fanambarana hafa ankoatra ny an’Andriamanitra sy ny Teniny. Ho mora hita ny laingany raha izany. Ny Tenin’Andriamanitra mandrakariva no ampiasainy, saingy amin’ny

fomba nodisoana no anomezany azy. **Tsy afaka mamitaka olona izy raha tsy mahataona azy ireo hino fa an'Andriamanitra izany. Noho izany izay teneniny dia manana endriky ny toe-panahy arak'Andriamanitra hatrany hatrany.**

Hita ao amin'ny tantara mikasika ny fakana fanahy ny Tompo, fa ny fahavalo dia nanatona Azy nitondra andalan-tsoratra ny Baiboly, saingy navoakany ivelan'ny hevitra nanoratana azy, ary nataony diso fampiasa. Namaly azy hatrany hatrany ny Tompo tamin'ny: *“Fa voasoratra koa hoe...”* Noho izany ny fampiasana andalan-tsoratra ny Baiboly dia tsy midika na inona na inona mihitsy, raha toa izany ka tsy mifanaraka amin'ny fijoroana vavombelona feno an'ny Soratra Masina. **Na dia manatona miaraka amina filazana ara-Baiboly aza ny fahavalo, tsy misy apetrany amin'ny manodidin'azy voalohany izany.**

IREO FANALAHIDY

Ity tenin'ny Matio 16:19 ity : *“Homeko anao ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny lanitra”*, izay nolazain'ny Tompo an'i Petera, dia nifandray nivantana tamin'ny antso sy ny iraka azony. Raha nivory ny Fiangonana voalohany tamin'ny andro Pentekosta, dia nitsangana ho mpitondra ny Tenin'Andriamanitra i Petera. **Feno ny Fanahy Masina izy, nanazava tamin'ny teny fohy ireo Fahamarinana, izay fototry ny famonjena. Izy ireny dia baiko mandrakizay tsy maintsy arahina ho an'ireo mpinon'ny Testamenta Vaovao.**

Ny fanalahidy dia endriky ny fahafahana miditra ao amin'ny zavatra iray. Raha misy olona iray manana ny fanalahidin'ny lapa iray, na trano, na fiara, dia afaka miditra amin'ireo izy ; misokatra eo anoloany ireo varavarana nikatona, ary afaka miditra izy. **Raha manana ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny lanitra ny olona iray, dia misokatra aminy ny Fanjakan'ny lanitra miaraka amin'ireo haren'ny rehetra, ireo fampanantenany rehetra, ireo fanomezany rehetra.** Manana fahafahana fotsiny izao izy amin'izay rehetra nomanin'Andriamanitra. Tian'ny Tompo navoitra manokana io zavamisy io tamin'ny nanambarany izany tamin'i Petera. Voalohany, io fahefana feno io, ara-paminaniana (Isaia 22:22), dia niantefa tamin'ny Tompo. Tato aoriana izy dia nanolotra izany ho fanomezana tamin'ireo mpanompony izay nantsoiny manokana ho amin'ny Asany.

Ny andalana ao amin'ny Matio 18:18 koa dia navoaka ivelan'ny hevitra nanoratana azy. **Ao ny Tompo, tsy miresaka amin'i Petera, fa amin'ny Fiangonana manontolo.** Izany no antony anoratana io hafatra io mitodika amin'ny maro : *“ Lazaiko aminareo tokoa : na inona na inona fehezinareo ety ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra ; ary na inona na inona vahanareo ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra.”* Aiza àry no andrenesantsika mpitarika ara-pivavahana, izay afaka mamatotra ny herin'i Satana, handroaka demonia na hanafaka ireo voafatotra? Afaka manantona fanalahidy eny amin'ny akanjony avy ny tsirairay. Fa iza anefa no nahazo ny fahefana feno avy tamin'Andriamanitra?

Ny andalana manaraka dia manaporofa koa fa ny Tompo dia miresaka amin'ny Fiangonana manontolo. Voalaza hoe : *“Ary lazaiko aminareo koa : raha misy mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay*

any an-danitra izany. Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny Anarako dia eo afovoany Aho.” Tsy mazava mihitsy ny nahatongavana amin'ny fampiasana ny andininy 18 tsy hahakasika afa-tsy ireo izay manana andraikitra ao amin'ny Fiangonana fotsiny.

Ny mpino dia maneho marina ny Vatan'i Kristy ary ny rehetra dia mitovy tantana eo imason'Andriamanitra. Paoly dia nanoratra ho an'ny Fiangonan'i Roma, hoe : *“Fa toy ny ananantsika zavatra maro momba ny tena iray, nefa tsy mitovy asa izay rehetra momba ny tena, dia toy izany koa isika na dia maro aza, dia tena iray ihany ao amin'i Kristy, ary samy miara-momba ny tena isika rehetra. Ary satria samy manana fanomezam-pahasoavana samy hafa isika, araka ny fahasoavana izay nomena antsika...”* (Rom.12:4-6). Ao amin'ny epistiliny voalohany ho an'ny Korintiana toko 12, andininy 4, Paoly dia miditra lalindalina kokoa amin'izany fisainana izany, hoy izy : *“Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany.”* Asongadiny fa amin'ny alalan'ny Fanahy Masina isika dia nampiraisina ho momban'ny Tenan'ny Tompo. Ao amin'ny andininy faha-7, dia efa velabelariny izao: *“Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoan'ny Fanahy hahaso.”* Fanambarana goavana izany. Ary tohizany amin'ny fitanisana ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy sivy miasa eo anivon'ireo singan'ny Tenan'i Jesosy Kristy. Ao amin'ny andininy faha-18: *“ Fa Andriamanitra efa nametraka izay rehetra momba ny tena, samy ho eo amin'ny tena araka ny Sitrapony”.*

FAHEFANA APOSTOLIKA FENO

Ireo apostoly —toy ireo irak'Andriamanitra tena nirahina rehetra— dia tsy mba nifehy olona tamin'ny alàlan'ny herin'izao-tontolo-izao, fa kosa tamin'ny fahefana feno avy tamin' Andriamanitra, tamin'ny herin'ny Fanahy Masina. **Ireo apostoly dia tsy nampiasa ireo fahefan'Andriamanitra izay nomeny azy ireo, araka ny Fiandrianany, afa-tsy tao amin'ny fitoriana ny Teny izay nampiandreketin'Andriamanitra azy ireo ihany.** Tsy natao ifanjakazakana izany fahefana izany, fa kosa hampanetritena ny rehetra ho eo ambanin'ny tànan'Andriamanitra mahery. Izany fahafenoan-kery izany dia tsy miankina amin'andraikitra iray manokana, fa mifandray amin'ny herin'ilay nitsangana tamin'ny maty, izay mampiray ny zavatra rehetra.

Taorian'ny nitsanganany, ny Tompo, dia nilaza tamin'ireo mpianany izay tao amin'ny efitra ambony hoe: *“Fiadanana ho anareo ; tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy no anirahako anareo kosa.”* Hanampiana izany, mbola voasoratra hoe : *“Ary rehefa nilaza izany Izy, dia nanisy fofonaina, ka hoy Izy taminy : Raiso ny Fanahy Masina; na helok'iza na helok'iza no avelanareo, dia voavela izany; ary na an'iza na an'iza kosa no tsy avelanareo, dia tsy voavela izany.”* (Jaona 20:21-23). Ny fifandraisan'ireo teny samihafa ireo dia mazava tsara. **Izany iraka maneran-tany izany dia tsy omen'ny Tompo, afa-tsy amin'ireo lehilahy notendreny hiasa ho Azy amin'ny fitoriana.** Iza àry ankehitriny no afaka hijoro vavolombelona fa voantso tamin'ny alalan'ny Feon'ny Tompo, ka nahazo andraikitra avy Aminy? Iza no efa tena notsindrin'ny Fanahy tany am-boalohany? Iza no nahazo alàlana hiasa amin'ny Anarany?

Nisy komitim-pikambanana iray ve teo nifidy an'i Petera sy Paoly? Sa notendren' Andriamanitra izy ireo? Tsy nisy kardinaly na iray aza teo hifidy Pàpa. Tsy nisy setroka nihantona na fihobian'izao-tontolo-izao. Tao amin'ny kristianisma voalohany, ireo lehilahin' Andriamanitra dia nahafantatra tsara izay nibaikoa'ny Tompo azy. **Nijanona teo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina izy ireo. Tsy nisy familiviliana no nampitan'izy ireo ny andinin-tsoratra mifandraika amina lohahevitra voafaritra tsara, ary izany dia tamin'ny fanononana iray ihany.**

Tamin'ny andro Pentekosta, ny Fanahy Masina nidina tamin'ny feo mahery narahin'ny afo avy tany an-danitra, izay nandoro ny lelan'ireo

rehetra nanatrika teo. Koa satria voadio tamin'izany izy ireo —tahaka ireo mpaminanin'ny Testamenta Taloha— dia afaka nanambara ny Teny tamin'ny fahafenoan'ny herin'ny Fanahy Masina. **Ny nambaran'i Petera tamin'ny toriteniny voalohany no haverin'ireo rehetra antsoin'ny Tompo sady fenoiny ny Fanahy Masina, hatramin'ny toriteny farany:** *“Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy hianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo”* (Asa 2:38). Mikasika ireo nirahin'ny Tompo mivantana, dia hoy Izy : *“ Izay mihaino anareo dia mihaino Ahy; ary izay mandà anareo dia mandà Ahy...”* (Lioka 10.16).

FAMELANA HELOKA

Raha hiteny amin'ny alàlan'ny olona iray ny Tompo ankehitriny, dia mbola ny nolazainy roa arivo taona lasa ihany no holazainy . Ao amin'ny Lioka 24.47, dia voasoratra mifandraika amin'i Kristy ny hoe: *“Ary mba hotorina amin'ny Anarany ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin'ny firenena rehetra, manomboka eto Jerosalema.”* **Ny famelan-keloka dia tsy nifamatotra tamina asa fanompoana, fa tena tamin'i Jesosy Kristy, Ilay Voahombo.** Mandritry ny toriteny ihany no ahafahan'ny Fanahin'Andriamanitra manatanteraka ny fibebahana ilaina ao anatin'ireo mpihaino, sy manome azy ireo ny fahazavana hitondra amin'ny fiovana fo, ary amin'izany ihany no ahazoany ny famelan-keloka. Tranga manokana iainany izany, fa tsy vokatry ny asa fanompoan'ny lehilahy izay manao ny asany.

Ao amin'ny Romana toko faha-10, Paoly dia manazava fa ny finoana ara-Baiboly dia avy amin'ny toriteny, ary ny toriteny dia avy amin'ny Tenin'Andriamanitra. Izany no antony maha zava-dehibe ny tsy itoritoriana foana, fa Kristy sy ny Filazantsarany ihany, miaraka amin'ny fanavotana tanteraka, no tsy maintsy ivon'ny toriteny.

Tokony hampieritreritra antsika, raha mahita isika andaniny fa, avela ny heloky ny olona mandritry ny fiainany manontolo, kanefa ankilany, ampianarina fa misy famaizana tsy maintsy zakaina, mba hanonerana ny ratsy vita. Mifanohitra amin'izany ny amafisin'ny Tenin'Andriamanitra. *“Fa ny fanatitra iray ihany no efa nahatanterahany ho mandrakizay izay olona hamasinina”* (Heb. 10:14). Ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy dia vaovao mahafaly, hafatra ho amin'ny famonjena. Isaia mpaminany dia naminany nanao hoe: *“Lazao amin'izay reraka am-po hoe: Mahareza, aza matahotra, indro Andriamanitrareo... Izy tokoa no ho avy ka hamonjy anareo.”* (Isaia 35:4). Manamafy izany Paoly apostoly amin'izao teny izao: *“Fa efa niseho ny fahasoavan'Andriamanitra, izay famonjena ny olona rehetra.”* (Titosy 2:11). Isaia dia nihiaka hoe: *“Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika, sy notorotoroina noho ny helotsika ; ny fampijaliana nahazoantsika famonjena no namelezana Azy ; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika”* (Isaia 53:5).

Izay mandray ny Tompo ho Mpamonjy dia tsy handalo famaizana intsony, satria Izy mihitsy no mandray tao amin'ny Tenany ny famaizana antsika. Izay mino izany dia mandray ny famelan-keloka sy ny fiadanana

miaraka amin'Andriamanitra. Paoly dia manoratra hoe: *“Koa amin'izany, satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Tamin'ny alalany koa no efa nahazoantsika fanatonana amin'ny finoana ho amin'izao fahasoavana itoerantsika izao.”* (Rom. 5:1-2).

Ny apostoly dia nanoratra ihany koa, mikasika an'i Kristy hoe : *“Izy no ananantsika fanavotana amin'ny Ràny, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haben'ny Fahasoavany.”* (Efes. 1:7). Ny tsirairay dia afaka miara-mamaky aminay ny Kolosiana 1:14, izay ahitana fa ny asa fanavotana manontolo dia mifandraika amin'ny Mpamonjy. Ao amin'ny Romana 1:16, Paoly dia milaza hoe : *“Fa tsy menatra ny Filazantsara aho ; fa herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino izany.”* Tsy mety ho ampy ny tsindrimpeo ilazana fa io finoana io dia tsy mifandray afa-tsy amin'ny Tenin'Andriamanitra, ihany. Tsy mahazo mampianatra izay tiany ampianarina ny olona, no sady hampifandray ny tenany amin'i Kristy. **Ny finoana dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny Teny.**

Tsy fampanantenana poak'aty amin'ny fotoana tsy voafetra akory izany, fa izay lazain'ny Tompo, Izy mihitsy, no tanteraka: *“Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : Izay mandre ny teniko ka mino izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina, fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy.”* (Jaona 5:24).

Ahoana moa no ahafahan'ny famelan-keloka, izay fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra, hiantehitra amin'ny asan'ny Fiangonana iray? **Ny finoan'ny tsirairay irery ihany no iankinan'izany, rehefa mandre ny Filazantsara izy ary mandray izany.** Voasoratra hoe: *“Koa tahaka ny nahatongavan'ny fanamelohana ho an'ny olona rehetra noho ny fahadisoana iray, no nahatongavan'ny fanamarinana ho amin'ny fiainana kosa ho an'ny olona rehetra noho ny fahamarinana iray.”* (Rom.5:18).

Aiza àry ireo asa soa, izay manosika ny olona iray hanao asa ho famonjena ny tenany, no mbola mety hahita toerana amin'izany? Izay rehetra manana fo mitepo, ka afaka manao ny tsara, dia hanao izany. **Kanefa tsy misy olona afaka handray ny famonjena azy avy amin' ny alalan'izany.** Raha niantsoantso ny Tompontsika teo amin'ny

hazofijaliana nanao hoe: *“Vita!”*, ka maty Izy, ny famonjena antsika dia tanteraka indray mandeha monja tamin’izany. Manohy ao amin’ny Romana toko faha-5 i Paoly, hoe : *“Fa tahaka ny nanaovana ny maro ho mpanota noho ny tsi-fanarahan’ny olona iray, no hanaovana ny maro ho marina kosa noho ny fanarahan’ny Anankiray”* (and.19).

Ary tahaka ny maha-marina fa, tamin’i Adama isika no nazera ho amin’ny fahaverezana, amin’ny fahafatesana, ka nampanalavirina an’Andriamanitra, dia marina koa ny hamonjena antsika hiala ny fahaverezana amin’ny alàlan’i Kristy, nesorina avy tamin’ny fahafatesana, ka voaray mankao amin’ny Fiainana mandrakizay, nampihavanina tamin’Andriamanitra. Andriamanitra mihitsy no nanonitra ny faharavana. Izay mino izany no hovonjena. Petera dia nanao fijoroana vavolombelona fohy kanefa mafonja hoe : *“Ary tsy misy famonjena amin’ny hafa ; fa tsy misy anarana hafa ambanin’ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena.”* (Asa 4:12). Tsy ilaina ny hanampiana zavatra hafa amin’ireo zavamisy tsotra sady mazava ireo.

Tsy ho mendrika an’Andriamanitra ny fikasana hampiankina ny famonjena antsika mandrakizay amin’ny safidin’olon-kafa noho Izy. Toy izao ny andraikitra voasoritra mazava tsara ho an’ny mpitondra hafatr’Andriamanitra iray nomena alàlana : aoka asehony amin’ny mpihaino ao amin’ny toriteny fa, araka ny Soratra Masina, dia fampihavanana lehibe no efa vita teo amin’Andriamanitra sy ny olombelona, tao Golgota.

Mifandraika amin’izany, ary mandritry ny toriteny, ny mpihaino dia azo entanina, araka ny fahefana avy amin’Andriamanitra, amin’izao teny izao : *“Minoa fa ny helokareo dia efa voavela! Minoa fa ny trosanareo dia efa voaloha! Minoa fa ny famaizana anareo dia efa nisy nitondra!”* Izay hazavain’ny Fanahin’Andriamanitra amin’izany fahamarinan’Andriamanitra izany, noho ny Tenin’Andriamanitra, dia voavela heloka mandrakizay ary mahazo ny fahafahana. Marina tokoa fa ny tsirairay dia tsy maintsy manaiky izany ho an’ny tenany, ary avy amin’izany no andraisany antoka amin’ny famonjena azy manokana.

FIANDOHANA VAOVAO

Taloha kely ny Reformasiona, dia tonga tamin'ny tendro avo indrindra ny fizotry ny tantara. Azontsika sainina ny fomba niar-niasan'ny herin'ny fanjakana sy ny an'ny fiangonana nandritr'izany fotoana izany. Ireo nanana fomba fijery sy finoana hafa, dia voaheloka ho toy ny mpanohitra finoana, ary novonoina ho faty tamin'ny fomba maro samihafa. Tsy hanonona isika afa-tsy ny "*Inquisition espagnole*", tamin'ny taonjato faha 15, sy ireo fitsarana natao tamin'ireo mpamosavy, narahin'ny fanamelohana azy ireo hodorana ambonin'antontan-kitay. Tsy hijery loatra mikasika ireo fahalemen'olombelona marobe isika. Ny zavatra tokana izay kendrena dia ny haneho fa ny fivoarana ara-panahy, tao amin'ny kristianisma, dia niharatsy hatrany hatrany nandritra ny fandroson'ny fotoana.

Ity tany ity dia nampifohana rà betsaka tokoa. Anisan'ny iray tamin'ireo maritiora nalaza talohan'ny fiandohan'ny Reformasiona i *Jean Hus* (1415). Tao amin'ny konsilin'i *Constance* izy no niteny farany, saingy nakoraina izy ka tsy nampiova na inona na inona izany : tsy nahomby izy. Nandohalika izy, ary niandrandra ny lanitra, nihaino tamim-pahatoniana ny fanambarana ny fanamelohana azy. Dia niantsoantso izy hoe : "Jesosy Tompo ô, mangataka Aminao aho, noho ny famindramponao, mba hamela heloka ireo fahavaloko rehetra!" Nihomehezan'ireo pretra tao amin'ny konsily izany, ary nentina teny amin'ny antontan-kitay izy.

Kanefa ny Reformasiona, izay nampiditra kihon-dàlana tao amin'ny tantaran'ny fiangonana, dia tsy voasakana intsony. **Namaky làlana tamin-kery ny fahamarinan'ny Filazantsara.** *Martin Luther* sy ireo maro hafa, dia nijoro nanohitra ireo fahadisoana izay neken'ny fiangonana sady notohanany koa. *Tetzel*, ilay mpivarotra "*indulgence*" nalaza, dia anisan'ireo niteny ratsy an'Andriamanitra tamin'ny fitenin'ny sy tamin'ny asany. Nitory izy nilaza fa ny Pàpa dia manana ny fahefana feno hamela heloka ny velona sy ny maty, ary ny famelan-keloky ny Pàpa, dia mitovy faherezana amin'ny Hazofijalian'i Kristy. Anisan'ny voalazany koa fa ny Pàpa, amin'ny vidin'ny "*indulgence*" iray, dia afaka mamela na izay mety ho nahavita nanota ara-nofy tamin'ny renin'Andriamanitra aza. Raha tsorina izany dia midika fa, n'iza n'iza dia afaka manatanteraka ny heloka rehetra mahatsiravina indrindra, ary ny Pàpa dia hamela izany rehetra izany, nohon'ny fahefany manome sanda ny "*indulgence*",

rehefa latsaka ao anaty vata ny vola.

Ao amin'ny tantaran'ny Fiangonana dia azo vakiana izao teny izao: “*Luther* dia nandre mikasika ilay lahatsoratra mahatsiravina izay mitatitra fa io monka sahisahy loatra io dia mitovy fa ny herin'ny fivarotana ny “*indulgence*” dia mitovy amin'ny fiasan'ny hazofijalian'i Kristy, ary ny tenany dia efa nanao fifanarahana tamin'i Petera, ary noho ireo “*indulgence*” ireo, izy dia nahavonjy fanahy maro kokoa noho i Petera sy ny toriteniny... Ny fanohizana ny fitoriana mikasika ny “*indulgence*” dia nanambina an'i Luther, satria nanome tosika ny fiandohan'ny Reformasiona izany.” Araka ny fombany-tsy-miova, Andriamanitra teto dia mbola nampiasa lehilahy miaina teto an-tany, ho fanomezam-boninahitra sy fankalazana ny Anarany. Amin'ireo irak'Andriamanitra ireo dia misy izay tsy fantatra fotsiny noho ny lanjany ao amin'ny tantaran'ny Fiangonana, fa koa noho izy ireo mpanompon'Andriamanitra anisan'izay naha tanteraka ny tantaran'ny famonjena ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra teto an-tany.

Anisan'ireny lehilahy ireny : *Martin Luther, Ulrich Zwingli, Philippe Mélanchthon, Jean Calvin, Jean Knox*, ary ireo marobe izay niaina tamin'izany fotoana izany. Taorian'ireo taonjato maro izay nisakanana ny olona tsy hamaky ny Soratra Masina, dia nisy lehilahin' Andriamanitra maro nanomboka namaky ny Baiboly ka nandika azy. Fitenim-pirenenana 14 no voalohany nandikana ny Baiboly. Tamin'ny 1600, dia nahatratra 40 izany, tamin'ny 1800, dia 72, ary tamin'ny 1900 dia fiteny 562. Tamin'ny 1950, nihoarana ny isa 100000, tamin'ny fitenim-pirenenana sy fitenim-paritra. Na nisy aza ny ezaka fandravana, ny Bokin'Andriamanitra dia nahazo ny fanontana be indrindra sy ny fampielezana nivelatra indrindra.

Niresaka indray tamin'ny alalan'ny Teniny Andriamanitra, ary namela indray ireo fahamarinana ara-Baiboly ho zavamisy iainan'ny mpino ao amin'ny fiainany manokana. Kanefa tsy nijanona teo izany, fa niezahana ny nanamora ny fahazoan'ny olon-kafa izany, izay lasa lehibe sady sarobidy tokoa. Ny fahombiazan'ireo mpitarika ny fanavaozana dia nandrehitra ny fanoherana ny klerjy efa tafatoetra tsara, izay niezaka tamin'ny fomba rehetra hampihemotra ny fampielezana ny Teny. Ny vokatr'izany dia niely tany amin'ny toerana nivelatra sy lavitra kokoa hatrany io Hafatra mahafaly sy manafaka io.

Raha jerena ao amin'ny tantaran'ny Fiangonana ireo rehetra izay

nandray anjara tamin'ireny toe-javatra ireny, dia hita fa samy nanana andraikitra manokana ho tanterahina ny tsirairay. Raha dinihina tsara dia hita fa nifameno izy ireo tamin'ny alàlan'ireo fampianarana izay nasongadina manokana. **Navoitra tamin'izany fa ny Baiboly irery no fandrefesana ny fitorian-teny.** Tsy misy olona ankehitriny sahy hiteny mahitsy toy izay nataon'i *Luther*. Ny fomba nampihanjahanjany ny antikristianisma dia mampikoy. Tsy nampiasa arirarira izy, fa nifototra tamin'ny Soratra Masina hatrany, araka ny nanambarana izany taminy. **Toy izany ohatra ny nanoratany mikasika ny fiafaran'ny fanandevozan'ny Fiangonana ao Babylona, ka nanasongadiany ny fanamarinana avy amin'ny finoana, azon'ny olona noho ny fahasoavana,** izay mifanohitra amin'ny fanamarinana azo avy amin'ny asa izay tsy mahavonjy na iza na iza.

Ankehitriny dia maro ireo mihevitra fa ny fiharatsian'ny fitondran-tenan'ny olona fotsiny ihany no nilàna ny Reformasiona, koa trangan-javatra ivelany no nahatonga izany. Na dia nanambina aza izany, tsy maintsy kianina io fomba fijery i+o. Tsy tanjon'ny Reformasiona ny mamerina ny fahefan'ny fitsipi-pitondran-tena, **fa izany dia tena fisokafana amin'ny fanavaozana ara-panahy. Nilaina ny fiandohana iray vaovao. Tsy maintsy nofaranana hatreo ny fanazazana olona amin'ny lafiny ara-panahy, ary tsy maintsy nambara indray ny androm-pahasoavana, ny androm-pamonjena.** Kanefa tsy ny rehetra no vonona hino ka hiandany tamin'Andriamanitra. Na izany aza, nisy ny fisokafana, ary rava ny herin'ilay fiangonana tsy nisy fetra sy nanerantany.

Vitsy ny olona izay toa mbola mahatsiaro ankehitriny, ary vitsy amin'ireo no mahatsapa ny haben'ny saran'ny nahazoana ny fahalalahan'ny fitoriana ny Tenin' Andriamanitra. Ireo mpanohitra ny Reformasiona, tamin'ny alàlan'ny fandatsahan-drà, dia niezaka namono ny hetsika fanavaozana saika nanerana ireo firenen'i Eropa manontolo ; ary nahomby tamin'ny ampahany izany. Ny tena niavaka tamin'izany dia ny fanenjehana ireo protestanta tany *Hollande*, sy ireo *Huguenots* tany Frantsa. Nandritry ny alin'ny "*Saint-Barthélemy*", nandriaka nanerana ireo araben'i *Paris* ny ràn'ireo protestanta an'arivony.

Tamin'izany fotoana izany, ny fiangonana romana dia sady nifehy ny ara-panahy no nifehy izao-tontolo-izao. Tao amin'ny faritra nofeheziny, ny tafika rehetra dia teo ambany fahefany. Ary nampidirina an-tsehatra

hatrany tamin'ireo fifandirana ara-panahy ireo tafika ireo. Na taiza na taiza ny Reformasiona no nipoitra tamin-kery manokana, ka natahorana ny fandrosoany, dia tonga hatrany ny tafika mahery vaika. Raha mbola nafana ny ady ara-panahy tany *Suisse*, na tany koa aza, dia nananganana tafika. Tsy maintsy nosakanana sy notoherina ny Reformasiona. *Zwingli*, niaraka tamina lehilahy maromaro, dia nitsangana teo an-kilan'ireo mponin'i "*Zurich*", mba hiaro-tena tamin'ireny fanafihana ireny. Izy mihitsy no teny amin'ny lohalaharana ka nilaza tamin'izy ireo hoe : "Aoka isika hiankina amin' Andriamanitra izay afaka miahy antsika sy ireo manara-dia antsika. Andriamanitra anie homba antsika!" Nandritr'izany fifanandrinana nahaketraka izany, voatoraky ny vato izy sady naratran'ny lefona. Nitsitra niaraka tamin'ireo maty izy ka nanambatra ny tanany, nijery teny amin'ny lanitra, ary nivavaka. Ilay kapitenin'ny miaramila katolika, raha nahatsikaritra izany dia nanatona azy, ary nibaiko azy mba hibebacka. Nandà *Zwingli*. Nialoha ny famelezana izay nahafaty azy dia mbola afaka niteny izao izy: "Afaka mamono ny vatana ianareo, fa tsy ny fanahy kosa."

Tany *Allemagne*, saika ho tafatsahatr'ireo mpanohitra-fanavaozana tanteraka ny Reformasiona. Tonga avy tany *Suède* ny mpanjaka *Gustave-Adolphe* nitondra ny miaramilany, nanampy ny "*Prince électeur de Saxe*", izay niandany tamin'ireo protestanta. Ny 17 Septambra 1632 izy nahazo fandresena goavana. Nialoha izany, ny mpanjaka dia nanao vavaka toy izao: "Ry Andriamanitra Tsitoha, izay ihavian'ny fandresena na ny faharesena, atodiho aminay ny masonao, izahay mpanomponao izay tonga avy any amin'ny tany lavitra mba hiady ho amin'ny fahafahana sy ny Fahamarinana, ho an'ny Filazantsaranao Masina. Omeo anay ny fandresena noho ny Anaranao Masina. Amena!" Roa volana taorian'izay, ny 16 novambra 1632, lavo an'ady teo amin'ny tanin'ny alemàna izy.

Tsy misy tokony ankasitrahana ny fampiasana hery miaramila na zavatr'izao-tontolo-izao hiarovana sy hampielezana ny Filazantsara. Ny marina dia tsy maintsy milaza isika fa voatery nanao izany ireo protestanta. Fa hitondra antsika lavitra loatra raha hiditra amin'ny antsihiranian'ireo adihevitra marobe nisy nandritry ny fanoherana ny Reformasiona, izay nahafatesana olona marobe.

Ilay mpanangana ny "*ordre des Jésuites*", *Ignace de Loyola*, izay

tompon'andraikitra fototry ny fanoherana ny Reformasiona, dia natsangana ho lehilahy mahery ao amin'ny tantaran'ny fiangonana katolika romana. Nananganana tsangambato lehibe noho izy izy, ao amin'ny "*dôme de Saint-Pierre*" any Roma, ho fahatsiarovana azy. Eo an-tongotr'izany no mitsitra ny bibibe iray ahitana ny anaran'i *Luther* sy *Calvin*. Kendrena amin'izany ny hanehoana ny fandreseny ny "bibibe protestanta".

Ao amin'ny fiangonana "*del Gesù*" any Roma izy no milevina, eo ambanin'ny alitara iray tsara tarehy sady voaravaka zava-tsarobiby, izay natokana ho azy. Ao koa misy zavatra maneho izany fandreseny izany : andaniny sy ankilan'ny vatam-patiny, dia misy "*marbre*" natangorona, izay maneho ny finoana mandresy sy ny fivavahana mandresy, ary eo an-tongony dia ahitana boky maromaro sy sarivongana voasoratra anarana roa, dia ny an'i *Luther* sy *Calvin*. Miteny mazava ireo tsangambato roa lehibe ireo.

Ankehitriny, any amin'ny tontolo protestanta dia toa tsy misy intsony mihevitra izany; fa ahetsiky ny fanahin'ny vanimpotoana dia andalovana fotsiny ireny zavatra ireny, mba ahafahana miaina amin'ny zavamisy. Hatraiza hatraiza dia ny fifanatonana sy ny faniriana hitambatra no resahina. Fa inona kosa no holazain'ireny maritiora sy ireny mahery fon'ny Reformasiona ireny raha hahita ny tsifiraharahiana atao ankehitriny ny amin'ny vidy masina izay nefaina ho an'ny finoana sy ny Filazantsara? **Izany fivoaran-javatra izany koa anefa dia anisan'ireo tranga farany ao amin'ny fiafaran'ireo andro farany.**

Novidiana lafo ny Reformasiona. Koa, ny heviny sy ny tanjony àry dia tsy mety ho ny tsy namelany afa-tsy ireo fiangonam-bahoaka na fiangonam-panjakana ireo, araka ny ahafantarantsika izany, izay samihafa rahateo isaky ny firenena. **Mihoatra noho izany, ny Reformasiona no fototra sy teboka niaingan'ireo fifohazam-panahy rehetra tato aoriana, mandrak'ankehitriny.** Raha toa io fiandohana mahery vaika io no tsy nisy taloha, dia tsy nisy akory ankehitriny ireny fiangonana tsy miankina sy ireny fikambanana kristiana ireny. **Fanavaozana miandalana izany, ka ny tanjony farany dia ny fampodiana ny Fiangonan'i Jesosy Kristy.**

Tranga nanana ny lanjany tokoa ny fipoiran'ny Reformasiona tao amin'ny tantaran'ny Famonjena. Ny Fanahin'Andriamanitra dia nitondra ny fahazavana sy ny Fiainana tao amin'ny tontolon'ny fivavahana izay

efa maty. Napetraka ho ivon'ny toriteny ny Teny. Ireo olona malaza eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, nanomboka tamin'io fotoana io, dia samy nanasongadina ampahany tamin'ireo fampianarana samihafa. Raha hatambatra ireny, dia hahazoana fahafenoana mirindra.

Mazava fa tsy nivoaka indray mandeha ny fahamarinana rehetra. Nisy koa ireo teboka izay tsy nifanaraka tamin'ny fijoroana vavolombelon'ny mpaminany sy ny apostoly, nefa tsy voadinika tao amin'ny hetsiky ny Reformasiona, toy ny “telo-izay-iray” sy ireo fanononana “Ray, Zanaka, Fanahy” ao amin'ny batisa. **Ny Reformasiona dia mbola nitondra niaraka taminy ampahany tamin'ny lova romana izay mbola mitambesatra mandrak'ankehitry amin'ireo Fiangonana protestanta sy ireo tsy miankina.**

Tamin'ny dingana faharoa dia i *John Wesley* no niditra an-tsehatra, ary nisy mpitory filazantsaran'ny fifohazam-panahy mahery fo marobe niaraka taminy. Ny traikefa faharoa tokony iainan'ny olona iray niova-fo no novoizin'izy ireo. Toy ny teo aloha, tao amin'ny Reformasiona, nanaovana tsindrimpeo fa ny fanamarinana dia azo noho ny fahasoavana irery, amin'ny alalan'ny finoana ny asam-pamonjena izay vitan'i Kristy tanteraka, no nanasongadinan'ireto lehilahy ireto fa ireo niova ho mpino, ka nohamarinina tamin'ny finoana, dia tsy maintsy miaina ny fanoloran-tena tanteraka. “Fanamasinana” no iantsoin'ny Baiboly izany traikefa izany. **Ny fatahorana marina an'Andriamanitra dia niteraka finoana narahim-pankatoavana.** Nisava ny lalany lalindalina hatrany ny Fanahin'Andriamanitra tao amin'ireo mpino. Hatra tamin'izany no nihavian'ireo fikambanana metodista sy antokompinoana hafa, izay amin'ny lafiny iray nifototra tamin'ny fijoroana vavolombelon'ireny fahamarinana ara-Baiboly ireny ; fa tamin'ny lafim-pampianarana sasany, dia mbola hafa fijery ihany.

Dia nandimby azy ireo i *John Smith* izay nandroso niaraka tamin'ireo evanjelista voatahin'Andriamanitra. Nambara tsy nisy marimaritra-iraisana ny batisan'ny finoana. **Tsy natao batisa-asitrika an-drano afa-tsy izay nanapa-kevitra manokana ho an'i Kristy, ary vonona hanaraka Azy.** Tamin'izany no nahaterahan'ny fiangonana batista, sy vondrona madinika vitsivitsy izay niara-nanindry tamin'izy ireo ny tsy anaovana batisa afa-tsy ireo efa mpino, kanefa nisaraka tamin'ny lafim-pampianarana hafa, arakaraky ny fahalalany avy.

Tany amin'ireo firenena mitoka-monina dia naka endrika isan-

karazany ny fivoarana ara-panahy. Tany amin'ny tontolo protestanta amin'ny ankapobeny, dia ny fiainan'ny mpino manokana ny famonjena sy ny fahazoany antoka izany no nasiana tsindrimpeo. Teo anilan'ny zotra ara-panahy fantatry ny maro, dia nisy hatrany hetsika madinidinika nihataka ny fandaminam-pivavahana rehetra, ary nanindry mikasika ny fahamarinana ara-Baiboly sasantsasany. Tsy hitatitra isika afa-tsy ireo hetsika izay, na dia nanana fampianarana tsy nitovy aza, dia tsy nampifamatotra ny famonjena sy ny fanafahana ny fanahy afa-tsy tamin'ny fahasovan'Andriamanitra niseho tao amin'i Jesosy Kristy ihany.

N'aiza n'aiza itoriana fanambarana manokana ka anankinana ny famonjena amin' izany, dia tsy ao anatin'ny fitohizan'ny fanavaozana ara-Baiboly. Ohatra azo raisina amin' izany ireo sekta rehetra ankehitriny. **Ny fanafahana dia tsy miankina afa-tsy amin'ny Mpamonjy; ny famonjena dia tsy miankina afa-tsy amin'Ilay nitondra izany. Ny famelan-keloka dia tsy azo afa-tsy avy amin'Ilay nanolotra izany ho antsika ;** izany tsy avy amina "*gourou*"(*dadibe*), na mpitarika anankiray izay manandra-tena ho amin'izany.

Hatrany hatrany dia tsy tapaka nisy lehilahin'Andriamanitra nahazo iraka, izay nitory indray ireo fahamarinana ara-Baiboly taloha ka nihananaikaiky hatrany hatrany ny fijoroana vavolombelon'ny apostoly. Tamin'ny fiandohan'izao taonjato izao dia nisy fanavaozana iray tonga izay nanerana izao tontolo izao. Ny zavatra niainan'olona vitsivitsy hatreo, dia nanjary traikefa ho an'ny mpino maro maneran-tany. Izay rehetra noana sy nangetaheta ny fahamarinana dia novokisana sy nafahana hetaheta ara-panahy. Hatraiza hatraiza, dia niasa ny Fanahin'Andriamanitra toy ny tao amin'ny kristianisma voalohany. **Ny fahafenoin'ny Fanahy dia niainana toy ny tany aloha, toy ny avy niainana ny fanamarinana sy ny fanamasinana. Tsy nanana mpanangana io hetsika nipoitra tampoka io. Andriamanitra mihitsy no niasa nanerana ny kaontinanta rehetra.** Fijoroana vavolombelona mitovy no azo norenesina tany *Russie*, tany *Chine*, tany Amerika ary tany Eropa. Lehilahin'Andriamanitra voatahy maro no nipoitra avy tamin'io hetsika io.

Tamin'ny Aogositra 1906, tonga tany *Allemagne* ny *Dr R.A Torrey*, izay nitory nikasika ny lohahevitra: "*Ny batisan'ny Fanahy Masina*", tao amin'ny konferansa isan-taona izay nokarakarain'ny fikambanana

evanjelika tao *Blankenburg* any *Thuringe*. Marobe ireo resy lahatra, ka anisan'izany ny *Lieutenant Général* tao *Viehbahn*. Tamin'ny 1907, ireo rahalahy mpitarika ny “hetsiky ny fikambanana” dia nanao konferansa nandritry ny herinandro. Ny lohahevitra tamin'izany dia: “*Ny fiangonana kristiana voalohany ve nampalahelo ny Fanahy Masina?*” Taorian'ny adihevitra lavabe, dia nitsangana ny pastora *Stockmeier*, ary toy ny mpaminany izy niantsoantso hoe : “Ry rahalahy, mifamaly isika mba hahafantarana raha nampalahelo ny Fanahy Masina na tsia ny kristianisma voalohany. Ho antsika rehetra mivory eto, apetrako ny fanontaniana izay manan-danja indrindra : **Isika ve efa nampalahelo ny Fanahy Masina?**” Nikapoka azy rehetra toy ny tsela-baratra izany, ary maro no nandohalika ka nanetri-tena teo anatrehan'Andriamanitra.

Nanerana izao-tontolo-izao, maro ireo niaina ny famangian'ilay Andriamanitra feno fahasoavana. Raha tsy nisy ireo “*mpaminanivavy*” roa tao *Oslo*, tsy mba ho nisy koa ny fampiasana mihoa-pampana ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy, izay nisy tamin'ny androny, tao *Kassel*. Niteraka fireham-pinoana maro samy hafa ilay fivoarana izay nantsoina hoe “hetsiky ny Pentekosta.” Raha mpitory teny batista no nilatsahan'ny Fanahy Masina dia mbola notohizana tany amin'ny Batista —mazava loatra— ny tsifanaovana batista afa-tsy ireo efa lasa mpino. Raha pastora loteriana no nilatsahan'ny Fanahy, dia mbola tafajanona tamin'ny famafazan-drano ny zaza izy ireo. **Tsy mbola nisy sava-làlana mazava tsara ho amin'ny kristianisma voalohany, saingy efa nisy fiantombohany izany.** Fampianarana isan-karazany tsy ara-Baiboly no mbola nekena, tsy nohamarinina akory ary tafajanona.

Taorian'ny ady lehibe faharoa, ny volana Mey 1946, no niditra antsehatra ny mpitoriteny batista iray, *William Branham*, izay —toa an'i Paoly— nahazo antso niavaka ho amin'ny asa fanompoana. Nandritry ny fitoriana filazantsara voalohany nataony tamin'ny 1933, tonga niaraka tamin'ny olona sahabo ho efatra arivo izy, teo amoron'ny renirano Ohio, nanao batista olona sahabo ho 500, izay niova ho mpino. Ary tamin'izy andeha anao batista ny olona faha 17, dia nisy zavamahagaga nitranga. Nisy hazavana nipoitra namakivaky ny rahona, hitan'ny rehetra, ary nidina teo ambonin'ilay mpanompon'Andriamanitra tanora. Nivoaka avy tao amin'io Andry Afo mahagaga io, nisy Feo mahery nilaza hoe: “**Toy ny nanirahana an'i Jaona nanomana ny Fiavian'i Kristy voalohany, dia irahina ianao hitondra Hafatra iray izay hanomana ny Fiavian'i Kristy faharoa!**” Ny

11 jona 1933 sahabo ho tamin'ny 2 ora tolakandro no nitrangan'izany. Tsy maintsy nisy ministera mahagaga nanaraka io iraka mahery ho amin'ny asa misionera io.

Azo lazaina ho iraka manana ny lanjany ao amin'ny tantaran'ny Famonjena izany. Ny ady lehibe faharoa, izay nandraisan'ny firenena 50 anjara, ka nitaky fatin'olona mihoatra ny 50 tapitrisa, dia niteraka fahoriana lehibe tamin'ireo mpitsoa-ponenana, ary namela faharavana sy fahavakisan'ny fo. **Tamin'izany fotoana izany, ny volana Mey 1946, dia tsy mbola nisy nandre mikasika izay Billy Graham sy izay Oral Roberts, na ny iray amin'ireo evanjelista izay nahazo laza taty aoriana ireo. Ny ministera apostolika, feno fahefana, an'i Branham, dia nanjary loharano fanovozana ho an'ny mpitoriteny an-jatony maro.** Fa na tsy nisy tamin'ireo, na iray aza, nahazo iraka nivantana sy fandefasana ho amin'ny asa toy izay azony, dia samy nitondra ny anjarany tamin'ny fampielezana ny Filazantsara ho amin'izao taranaka izao avy izy ireo. Olona an-tapitrisany, ara-bakiteny, no nandre ny Filazantsara feno, na avy tamin'ny asa fitoriana Filazantsara izany, na avy tamin'ny radio na ny televiziona.

Ny fisokafana tena nampiova zavatra dia nitranga teo anelanelan'ny 1946 sy 1949. **Io fanambarana ny Filazantsara tamin'ny endriny voalohany io dia nahakasika ny saramaben'ny vahoaka.** Ireo fikambanan'ny "*Plein Evangile*", dia nanokatra ny varavarany ka nirohotra niditra ny olona. Tsy ela ny isan'ireo mpanatrika fivoriana dia nihoatra ny 10.000. Tsy maintsy nampiasaina ireo kianja goavana, ireo toeram-panatanjahantena sy ireo kianja fihazakazahana, satria ny olona dia nahatratra hatramin'ny 500.000 tany *Inde* sy tany Afrika atsimo. **Toy ny tratry ny safodrano ireo evanjelista, ary samy nanao ny tafika fitoriany manokana azy avy.** Noho ny fandrosoana ara-teknika, ny fifohazam-panahy dia nivelatra be toy ny tsy mbola nisy hatrizay. Ireo zotra isan-karazany dia nipoitra avy tamin'io. Na nivantana na tankolaka, ny "*Association internationale des hommes d'affaires du Plein Evangile*", sy ny hetsika karismatika aza, dia niainga avy tamin'izany. Ny tsirairay tamin'ireo hetsika ara-panahy ireo dia samy nanao izay efany avy, ary nahazo sokajim-mpihaino manokana an'azy avy. Ny hetsika karismatika dia tafiditra tany amin'ny fiangonana katolika romana, toy ny tamin'ireo fiangonana rehetra, am-panjakana sy tsy miankina.

Fa raha ny zava-misy ankehitriny, dia asan'ny Fanahy izany, izay mandramby ny tontolon'ny fivavahana manontolo. Ny fiverenan'ny fitoriana Filazantsara amin'ny toerany no tsy maintsy hiafaran'izany. Tsara ny mahazo traikefa, ary afaka mitondra fitahiana ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy, **kanefa ny Fanahin'Andriamanitra dia tsy mety tena hamoaka Fiainam-baovao raha tsy any amin'izay itoriana sy andraisana ny Teny Fahamarinana toy ny Voa avy amin'Andriamanitra.**

Araka ny fampanantenan'i Joela mpaminany, ny Fanahy dia milatsaka amin'ny nofo rehetra. Azo oharina amin'ny ranonorana izany. **Saingy raha mialoha izany tsy voafafy tamin'ny tanin'ny fo ilay Voan'ny Teny, na oram-batratra aza tsy hitondra na inona na inona.** Fara-fahatsarany dia ny olona ho lena, fa tsy hisy zavatra mba hitoetra akory, ary izany no mahazo ny olona. **Tamin'ny voalohany ny Teny, fa tsy ny fandikana, ary tsy maintsy izany ihany amin'ny farany.** Tena zava-dehibe ny andraisan'ny olona ao amin'ny fanahiny ny Tenin'Andriamanitra madio ho Voa avy amin'Andriamanitra. Ary amin'izay ihany ny Fanahy Masina no afaka hamoaka Fiainan'Andriamanitra. Tsy misy afa-tsy izay ihany no fomba ahafahan'ny olona iray ho teraka indray (*Jaona 3; Jak. 1.18; Pet. 1.23*).

Ny ohatra tsara indrindra mety hitantsika dia aseho amintsika ao amin'ny fiandohan'ny Testamenta Vaovao. Nandrasana nandritry ny efatra arivo taona ny fiavian'ny Mesia. Rehefa tonga ny fotoana, dia tonga tamin'i Maria ny Teny, ary nandray Azy izy, nino Azy, ka nanaloka azy ny Fanahy Masina. Toy izany no nahatongavan'ny Teny ho nofo, naka endrik' olombelona. **Tahaka izany koa no tsy maintsy andraisantsika ny Teny-fampanantenan' Andriamanitra izay natokana ho antsika. Amin'izay ihany ny Fanahy Masina vao afaka hampisy izany marina ao amintsika.** Tao amin'ny toriteniny teo antendrombohitra ny Tompo nilaza hoe: *"Fa lzy mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina."* (Mat. 5:45). Ao amin'ny tany iray ihany no misy ny vary sy ny tsimparifary. Izy roa dia samy mandray ny ranonorana iray ihany ary samy hazavain'ny masoandro iray ihany. Ranonorana iray ihany no mandena voa isankarazany. Mbola izany fisainana izany ihany no voateny ao amin'ny Hebreo 6:7-8. Ny voa tsirairay dia mamoa araka ny karazany avy. Ny fiantsoana izay mifandray amin'ny asan'ny Fanahy Masina dia tsy ampy

hidirana ao amin'ny Fanjakan' Andriamanitra. Ao amin'ny Matio 7:23, ny Tompo dia nandà ireo izay nampiasa fanomezam-pahasoavana lehibe, nilazany hoe: *“Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay!”* Ny Teny sy ny Fanahy dia tsy misaraka. **Ankehitriny, ny Teny-Voa dia tsy maintsy afafy ary velomina anatin'ny rehetra amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina.** Araka izany, tsy mety ho teraka ny vondrona ara-Baiboly iray, raha tsy vonona hotarihin'ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny Fahamarinana rehetra izy ireo. **Tsy maintsy ny fampianarana no tonga voalohany, voafafy anatin'ny fon'ny olona aloha ny Teny-Voa, vao afaka hojinjaina ny vokatra.**

Novelabelarintsika ireo fiviliana maro izay nitranga nandritry ny tantaran'ny Fiangonana, ary nasehontsika koa fa nanomboka tamin'ny Reformasiona, dia mamerina antsika indray amin'ny kristianisma voalohany ny fivoarana ara-panahy. Kanefa hatraiza hatraiza dia hanaovana marimaritra-iraisana izany. Samy mino izay tiany inoana ny olona, ary samy tsy mino izay tsy tiany inoana. Ary avy eo dia maro ireo manambara ny hafaliany fa nandray ny Fanahy Masina. **Ny Fanahy Masina no Fanahin'ny Fahamarinana ka tsy te-ampimiràna velively amin'ireo hadisoana izay eken'ireo kristiana. Ny fiverenana tanteraka amin'ny Teny niandohana no ilaina.** Voalohany, tsy maintsy fantarina ahoana ny nitomboan'ny fahadisoana mba ahafahana manitsy ny zotra avy eo. **Ankehitriny, ny tontolo fivavahana manontolo no tojo amin'ny ora hanapahana hevitra.** Ny sasany dia hiverina any an-tratran'ilay fiangonana tranainy; ny hafa, ny vondrona kely an'ireo olom-boafidy, no hiaina ny fahatanterahan'ireo fampanantenan'ny Teny.

Ireo rehetra izay manohana ny fisainana nolovaina tamin'ny fiangonana romana ao anatin'ny toriteniny, dia tsy maintsy hiverina koa ao aminy. Raha ny marina, hatramin'ny andron'ny Reformasiona, dia tsy àry tapaka tanteraka ny fifandraisan'izy ireo ara-panahy taminy. Tsy nisy afa-tsy ireo singan'olona izay nanaraka ny antson'Andriamanitra ihany no nandray tanteraka ireo fahamarinana ara-Baiboly, ary nitsipaka ireo tsifahamarinana manohitra ny Baiboly. Araka ny ho hitantsika, na tena misy aza ny fahaleovantenan'ireo fikambanana protestanta, dia fampianarana maro izay tsy mifanaraka amin'ny Baiboly no mbola voatazony.

Ny miharihary, hatramin'ny fotoan'ny ady lehibe faharoa, dia ireo ezaka atao ho amin'ny firaisana sy ny fandriampahalemana. Ireo

mpifahavalo ara-tantara dia lasa mpisakaiza. Izany dia hita na eo amin'ny samy firenena na eo amin'ny samy fiangonana. **Andaniny isika manana ny firaisana politika ao amin'ny ONU** (ny sata niorenan'izany dia vita sonia tany San Francisco, tamin'ny alalan'ny firenena 50, ny 24 oktobra 1945), **ankilany kosa hitantsika ny Filankevitry ny fiangonana maneran-tany**, izay najoro tamin'ny 1948 tao *Amsterdam*. Saika ny firenena rehetra —ankehitryny 150— no mitambatra ao amin'ny Firenena Mikambana, ary ankilany, saika ny fiangonana kristiana rehetra no mikambana ao amin'ny Filankevitry ny fiangonana. Fa ny fivoarana ara-pivavahana ihany no ifantohan'ny fandinihantsika. Tamin'ny 1948, dia 135 ireo anaram-piangonana protestanta no nitambatra tao amin'ny Filankevitry ny fiangonana; tamin'ny 1968, efa nisy 234 sahadry, ary ankehitryny dia sahabo 300.

Tany am-piandohany, ny Filankevitry ny fiangonana maneran-tany dia tena fikambanana protestanta nadiodio, ary tsy nankatoavin'i *Vatican*. Tamin'ny 1960, ny Papa *Jean XXIII*, dia nametraka tao Roma ny "*Secretariat pour l'unité des chrétiens*" [*Sampanandraharaha miandraikitra ny firaisan'ny kristiana*]. Taorian'ny konsilin'i *Vatican* faharoa, ny taona 1962 hatramin'ny 1965, dia navoaka ny didy mikasika ny ekiomenisma. Ny volana jolay 1968, tao *Uppsala* any *Suède*, no tanteraka ny fifandraisana ara-dalàna voalohany, tao amin'ny konferansin'ny Filankevitry ny fiangonana maneran-tany, raha tonga tao ireo solotenan'i *Vatican* niisa 15, mba ho mpanatrika fotsiny. Tamin'ny jona 1969, ny Pàpa *Paul VI* dia nitsidika ny foiben-toeran'ny Filankevitry ny fiangonana maneran-tany, ao *Genève*. Tamin'ny 1984, ny Pàpa *Jean-Paul II*, tonga tany *Suisse* ary nitsidika ny Filankevitry ny fiangonana maneran-tany ihany koa.

Azo antoka fa tsy vitsy no gaga noho ireo protestanta, efa hatry ny ela, tsy manohitra intsony [*protestanta midika mpanohitra*]. Iza indray àry ankehitryny no mbola maniry ny isian'ny adihevitra ara-panahy? Na ny ampahany amin'ireo fiangonana tsy miankina aza izay nandà tsy hikambana, dimampolo, efapolo na telopolo taona lasa, dia faly aok'izany tato aoriana nanaiky izany. Ny ankamaroany dia fikambanana mijoro ara-panjakana, ka ireo solontenany dia miara-mivory amin'ny olom-panjakana. Inona àry no mbola banga? Ny teny "firaisana" dia nandray dikany igagàna. Ny teny "fiadanana" dia voasoratra hatraiza hatraiza amin'ny sora-baventy; ary ny "fandriampahalemana" no fanirian'ny rehetra. Izany no mampilamina ny fanahin'ny olona.

Kanefa na ankehitriny aza, i *Martin Luther* dia mbola hiteny ny zavatra izay efa voalazany taloha ihany, hoe : *“Aoka ho voaozona ny firaisana nasolo ny Fahamarinana!”* **Izay miray amin’i Kristy dia miray amin’ny Teniny koa.** Izay miray saina amin’ny antikristy dia miray aminy. Azo atao ny misaina ity tenin’ny Tompo ao amin’ny Matio 16.25 ity: *“Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia hahazo izany.”* **Tonga ny oran’ny fahamarinana, ary voatery handray fanapahan-kevitra ny tsirairay.** Ny daholobe dia hankalaza tsy nahy ny antikristy. **Tsy hisy afa-tsy antokon’olona vitsy, tena mpino marina, no hifikitra amin’i Kristy sy ny Teniny.** Voambara ny antso hivoaka an’i Babylona, an’ireo savoritaka ara-pivavahana rehetra, sy hisaraka amin’izany. Ireo fikambanana kristiana rehetra dia hanao an-tsirambina izany antso izany, afa-tsy ireo izay hazavain’ny Fanahin’Andriamanitra.

Tsy isalasalana fa maro ireo kristiana any amin’ireo firenena kristiana tandrefana. Fiarahamonina kristiana no misy antsika, misy antoko kristiana amintsika, misy fikambanana sy syndikà kristiana amintsika, ary manan-karena amin’ny kolotsaina kristiana isika. Ny zavatra tokana tokony mbola anontaniansika tena dia hoe : tsy nafangarontsika tamin’ny antikristy ve i Kristy, ary Andriamanitra tamin’ny devoly? *“Anti”* dia midika *“manohitra”*. **Izay rehetra manohitra an’i Kristy sy ny Fampianarany dia antikristy.** Iza izao no mbola afaka hanavaka ny fanompoam-pivavahana atao amin’Andriamanitra sy ny atao amin’ny sampy? Iza no afaka hanavaka ny finoana sy ny finoanoam-poana?

Manongilan-tsofina tsara ireo izay nampianarina ny Tenin’Andriamanitra raha mandre ireto teny faneva ireto, hoe : *“fiadanana sy fandriampahalemana”*, satria izao no voasoratra : *“Raha misy olona manao hoe : Miadana sy mandry fahizay, dia hanjo azy tampoka ny fandranganana, toy ny fahararian’ny vehivavy raha miteraka ka tsy ho afa-mandositra mihitsy izy.”* (1.Tes.5:3). **Ny zavatra rehetra dia mitranga arak’izay voambara mialoha fa hitrangany, ho fahatanterahan’ny farany.** Ireo mpanao politika dia mahafantatra izany koa. Ny filoham-pirenen’ny Etazonia, ohatra, dia nilaza ny 20 janoary 1985 hoe: *“Manahy aho raha tsy efa ho tonga tsy ela amin’ny Harmagedona isika.”* Raha niteny izany izy dia te-hampatsiahy ny ady lehibe voalazan’ny Apokalypsy 16:12-16. Fotoana vitsy talohan’ izany, nisy senatera fanta-daza iray niteny zavatra toy izao: *“Isika no taranaka*

voalohany mahafantatra fa taranaka farany.” Izay rehetra manana andraikitra ankehitriny dia miakatra avy hatrany eo amin’ny sehatra iraisam-pirenena.

Amin’ny farany, ity taranaka ity dia hiaina “*fahagagana*” lehibe iray, zavatra tsy ampoizina, tsy toy izay efa nisy ary tsy hisy intsony. Mandritra ny fotoana fohy dia hiaraka hofehezina ireo mpitondra erantany ny politika sy ny toe-karena ary ny fivavahana, satria ny antikristy —ny mpaminany sandoka— no hanolotra izany fahefana izany ho eo am-pelatanany. Ireo Tatsinanana sy Tandrefana dia hiaraka hanaiky mpanalalana iray izay hametraka ny fandriampahalemana. Ny hery farany ho avy dia Eropa mitambatra, mitovy lasitra amin’ny fanjakambe romana taloha. Ny fahatanterahan’ireo faminanian’ny Baiboly dia efa manakaiky ny tendro avony.

Ny fahatahorana fandranganana tanteraka dia mahazo ireo andaniny roa avy, ary izany no antony maha voatery azy ireo miezaka mifandinika mikasika ny fandriampahalemana sy ny fanafoanana ny fitaovam-piadiana mahery vaika. Kanefa ny orinasa mpamboatra fitaovam-piadiana dia mihodina amin’ny heriny manontolo ihany ; efa dinihina aza ny mety hahatafiditra izao-tontolo-izao amin’ny ady lehibe ho avy. Araka izay nolazain’ny tontolon’ny filazam-baovao, nisy konferansa natao tao *Vatican* ny 21 hatramin’ny 24 janoary 1985, mikasika ny tetiky ny filoha amerikana hampitao fitaovam-piadiana izao-tontolo-izao. Nisy manam-pahaizana soviatika koa nandray anjara tao. Izany rehetra izany no miseho dia satria tonga ny fotoana natokana ho amin’izany. Ao amin’ny 2.Petera 3, ny apostoly dia niresaka ny amin’ny andro farany, ary efa nosoratany sahady tamin’ny androny hoe: “...*fa izao lanitra sy tany izao dia hazonin’izany teny izany ho amin’ny afo ka tehirizina ho amin’ny andro fitsarana sy fandranganana ny ratsy fanahy... Fa ho avy tahaka ny mpangalatra ny andron’ny Tompo, ary amin’izany ny lanitra dia ho lasa amin’ny firimorimoana mafy, ary ho levon’ny afo ny tenan’ny zavatra rehetra, ka hodorana avokoa ny tany sy ny asa izay eo aminy... Kanefa isika, araka ny teny fikasany, dia manantena lanitra vaovao sy tany vaovao, izay itoeran’ny fahamarinana.”*

Ny zavamisy ara-toe-karena ankapobe eo amin’izao tontolo izao, dia manery antsika ho tonga amin’ny fifanarahana. Ny tsirairay dia samy tsy te ho faty, koa tsy maintsy mandray anjara ny rehetra, noho

izany. Izay tsy manaiky ho eo ambany fifehezan'io lamina farany maneran-tany io dia hatao ankivly ary hahilika amin'ny varotra iraisam-pirenena. Toy izany no ahatanterahan'izay voasoratra, fa hisy tsy ho afaka hividy na hivarotra (Apok.13:17).

Tsy araky ny endrik'izao-tontolo-izao ankehitriny sy ny lamina napetraka eo anivon'ny fiarahamonina, fa ny vahoaka rehetra dia tsy maintsy hiankohoka eo anatrehan'io fahefana farany maneran-tany io. Izay tsy hanaiky izany dia tsy hanana fanantenana ny ho velona mihitsy. Tsy tsapan'ny vahoakan'izao-tontolo-izao mihitsy fa ireo tranga rehetra ireo dia mitondra antsika mankany amin'ny ady lehibe farany voalazan'ny Apokalypsy. Efa tafiditra tanteraka anatin'ny fahatanterahan'ny faminanian'ny andro farany isika izao.

Ny fandehan-javatra ankehitriny dia tsy maintsy jerena amin'ny lafiny ara-paminaniana, satria miteny mazava tsara ireo famantaram-potoana. Azo lazaina tsy am-pisalasalana fa **izay mahalala ny Baiboly dia mahalala ny hoavy**. Rehefa avy nanodinkodina ny Teny elabe ny olombelona, dia fotoana amelana an'Andriamanitra hiteny kosa izao.

Sonia: Rahalahy Frank.

Loharano nanovozana

Encyclopaedia Britannica

HAUSS F.: Väter dre Christenheit

HERZOG Dr. J.J.: Abriss der Kirchengeschichte

HISLOP A.: The Two Babylons

KING L.J.: House of Death

KOSEL VERLAG: Grundriss des Glaubens

LILJE DR.Dr.H.: Die Lehre der zwölf Apostel

OEHNINGER F.: Geschichte des Christentums

PATMOS-VERLAG: Kleiner katholischer Katechismus

ROGGE B.: Das Evangelium in der Verfolgung

SCHMIDT K.D.: Grundriss der Kirchengeschichte

STANDRIDGE W.C.: What's happening in the Roman Church?

STEINER L.: Mit folgenden Zeichen

WOODROW R.: Babylon, Mystery, Religion